# 10 ANDROM-BAVAKA

08 - 18 JANOARY

# *Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra*

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## TARIDALANA HO AN'NY MPITARIKA

Tonga soa eto amin'ny Folo Androm-bavaka 2020! Tena feno fankasitrahana isika fa afaka manomboka ity taona ity amin'ny vavaka. Nanao fahagagana maro Andriamanitra nandritra ireo taona maro lasa raha nitady Azy tamim-bavaka sy tamin'ny fifadian-kanina isika. Nanetsika fifohazana ny Fanahy Masina. Nitondra fiovam-po sy hafanam-po vaovao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara koa Izy, ary nitondra fahasitranana teo amin'ny fifandraisana. Tena marina tokoa fa ny vavaka no loharanon'ny fifohazana!

Mino izahay fa hiova ny fiainanao sy ny fiainan'ireo hoentinao amim-bavaka raha hiara-miombom-bavaka amin'ny mambran'ny fiangonana ianao. Hivavaka isika mba hirotsahan'ny Fanahy Masina, izay nampanantenain'ny Ray fa homena izay mangataka Aminy. Indreto misy fijoroana ho vavolombelona telo fotsiny avy amin'ireo nandray anjara tamin'ny Folo Androm-bavaka 2018 farany teo:

### N.K. avy any Zambia:

Tamin'ny andro fahatelon'ny Folo Androm-bavaka, dia nivavaka teny anoloan'ny fiangonanay aho, raha resy lahatra ny hitalaho ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra. "Misy olona eo an-dalam-pamonoan-tena ankehitriny", hoy aho nivavaka. "Tompo malala ô, mitalaho Aminao aho, aza avela hahomby amin'izany izy. Midira an-tsehatra, Tompo ô". Tena zendana aho ny ampitson'io raha nahafantatra fa niezaka namono tena ny nenitoako. Niditra an-tsehatra anefa Andriamanitra ka namonjy ny ainy, noho ny vavakay. Salama tsara izy raha nanoratra ity fijoroana ho vavolombelona ity aho, ary miasa eo amin'ny fiainany Andriamanitra. Midera ny Tompo izahay rehetra noho ny valim-bavaka mahagaga natolony anay.

### J.J. avy any Caroline Avaratra, Etazonia:

Tamin'ny taona 2017, nandritra ny Folo Androm-bavaka, dia nivavaka ho an'olona manokana anankidimy i Alycia namako, mba hanatonan'izy ireo an'i Kristy. Namaly ny ankamaroan'ny vavaka nataony Andriamanitra, saingy mbola nisy anarana iray tao amin'ny lisitra nataony mbola tsy nahazoana valim-bavaka, dia ny anaran'ny rahavaviny izany. Tonga nanatrika ny fivoriam-bavaka natao nandritra ny Folo Androm-bavaka tamin'ity taona (2019) ity anefa io rahavavin'i Alycia io. Koa nanolotra ny tenany ho an'i Jesôsy izy. Mianatra Baiboly izy ankehitriny ary miomana ho amin'ny batisa. Misy olona anankiroa izay nanatrika ny Folo Androm-bavaka koa nanolo-tena ho amin'ny

batisa. Midera an'Andriamanitra izahay noho ny asa sy noho ny fandaharam-potoana "Folo Androm-bavaka". Tena niaina fanandramana lalina kokoa tokoa niaraka tamin'i Jesôsy izahay raha niara-niombom-bavaka.

**Mpino iray any Azia:**

Raha nandeha ny Folo Androm-bavaka, dia nivavaka tamin'ny Raintsika izay any andanitra aho mba hanomezany ahy tombontsoa mba hahafahako mampiely ny hafatra advantista. (…) Rehefa vita ny Folo Androm-bavaka, dia nitory ny hafatra advantista tamin'ny vondron'olona lehibe iray aho. Tsy mba mpivavaka anefa izy ireo, fa nandray tsara ny hafatra nentiko. Naharay valim-bavaka aho. Izany no fijoroana ho vavolombelona lehibe nataoko taorian'iny Folo Androm-bavaka iny. Deraina ny Tompo.

## TOROMARIKA ANKAPOBENY MOMBA NY FOLO ANDROM-BAVAKA

### Lohahevitra isan'andro

Misy lohahevitra nomanina ho an'ny andro tsirairay amin'ny folo andro. Ireto avy no tafiditra ao anatin'izany: andalan-teny ao amin'ny Baiboly, fampaherezana miendrika fijoroana ho vavolombelona, teny fikasana ao amin'ny Baiboly hoentina amim-bavaka, ary soso-kevitra antom-bavaka. Manoso-kevitra izahay ny hanaovanao dika mitovy amin'ny lohahevitra ho an'ny mpandray anjara rehetra, mba harahiny mandritra ny fotoam-bavaka. Azo jerena mivantana ao amin'ny www.tendaysofprayer.org koa ny lohahevitra isan'andro rehetra (amin'ny teny vahiny).

Hiaraka avokoa ny mambra rehetra maneran-tany mba hivavaka ho an'ny lohahevitra isan'andro. Miaraha mivavaka amin'izy ireo amin'ny alalan'ny andinin-tSoratra Masina, andalan-teny notsongaina, ary antom-bavaka ao anatin'ny takila ho an'ny lohahevitra tsirairay. Aza mieritreritra anefa fa tsy maintsy ihazakazahanareo ny soso-kevitra antom-bavaka rehetra. Mety ho tianareo ny hizara ny mambra ho tarika madinika, ka ny tarika tsirairay no hasaina hivavaka ho an'ny ampahany amin'ny lisitra.

Mifandraika amin'ny fiangonana advantista maneran-tany manokana ny sasany amin'ireo antom-bavaka. Zava-dehibe ny miara-mivavaka ho an'ny mpianakavin'ny finoana maneran-tany. Mety ho tianareo anefa ny hanamboatra ny fotoam-bavakareo ka antom-bavaka amin'ny kapobeny no hotononina raha toa ka misy mpamangy avy amin'ny fiarahamonina ao amin'ny tarika misy anareo. Mivavaha mba hahafantaranareo ny fomba tsara indrindra handraisana ny mpamangy mba hahatsapany ho isan'ny fiangonana.

## Soso-kevitra fandaharam-potoana ho an'ny fizarana tsirairay amin'ny vavaka

Azo antoka fa hiovaova isaky ny fotoana hiarahanareo mivavaka ny fatram-potoana holaninareo amin'ny fizaram-bavaka tsirairay.

Ireto manaraka ireto misy soso-kevitra fandaharam-potoana, izay hita fa mety tsara amin'ny kapobeny:

• Fiarahabana tonga soa / Fampidirana: 2-5 minitra

• Famakiana ny "Fijoroana ho vavolombelona" (jereo ny takila misy ny lohahevitra): 3-5 minitra

• Vavaka amin'ny alalan'ny "Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka" (jereo ny takila misy ny lohahevitra): 3-5 minitra

• Midera an'Andriamanitra ao anatin'ny Fotoam-Bavaka: 10 minitra

• Fiaiken-keloka sy fangatahana fandresena amin'ny fahotana mandritra ny Fotoam-Bavaka: 3-5 minitra

• Fitalahoana sy fanelanelanana (jereo ny "Soso-kevitra vavaka" ao amin'ny takila misy ny lohahevitra): 20-30 minitra

• Fisaorana ao anatin'ny Fotoam-Bavaka: 10 minitra

## Manao vavaka fanelanelanana ho an'olona fito

Ampirisiho ny olona tsirairay hangataka an'Andriamanitra haneho aminy olona fito hoentina amim-bavaka mandritra ny folo andro. Mety ho fianakaviana izany, na namana, na mpiara-miasa, na mambran'ny fiangonana, sns. Ampirisiho izy ireo hivavaka mba hitarihan'ny Fanahy Masina ireo olona fito ireo mba hitoetra ao amin'i Kristy. Tokony hivavaka ho amin'ny zavatra ilaina manokana koa ireo mambra ao amin'ny vondrona, ary hangataka an'Andriamanitra mba haneho amin'izy ireo ny fomba ahafahan'izy ireo manatratra ireo olona fito anaovany vavaka mandritra ny folo andro. Azonao atao ny manomana karatra kely na sombin-taratasy maromaro hiraketan'ny olona ireo anarana fito hoentiny amim-bavaka.

## Fanompoam-pivavahana amin'ny Sabata ao anatin'ny Folo Androm-bavaka 2020

Afantohy amin'ny vavaka manokana ny fotoana, ary mizarà fijoroana ho vavolombelona momba ny vavaka nivaly, mandritra ny fanompoam-pivavahana amin'ireo Sabata anankiroa. Aoka hikaroka fomba hahatonga izany ho mahaliana ianao. Misy fomba maro tokoa mantsy ahafahana mizara amin'ny mpianakavin'ny finoana ny zavatra nitranga nandritra ireo fivoriam-bavaka natao isan'andro.

## Fankalazana ny Sabata farany

Tokony hatao izay hahatonga ny Sabata farany ho fotoam-piravoravoana lehibe noho izay rehetra nataon'Andriamanitra nandritra ny folo andro. Manokàna fotoana malalaka tsara ho fizarana fijoroana ho vavolombelona momba ny valim-bavaka azo, fampianarana/toriteny momba ny vavaka ao amin'ny Baiboly, ary fihirana. Tariho ao anatin'ny fotoam-bavaka ny fiangonana mba hahafahan'ireo tsy nanatrika ny fivoriana isan'andro manandrana ny fifaliana amin'ny fiarahana mivavaka amin'ny hafa. Jereo ny tari-dalana momba ny fankalazana ny Sabata mba hahazoanao fanazavana misimisy kokoa.

## Fanaraha-maso aorian'ny Folo Androm-bavaka 2020

Mivavaha mba hanehoan'Andriamanitra aminareo izay tiany hataon'ny fiangonanareo/vondronareo ho fanohizana izay efa natombony nandritra ny Folo Androm-bavaka 2020.

Angamba hotohizanareo amin'ny fivoriam-bavaka isan-kerinandro izany. Na angamba tian'Andriamanitra hanomboka asa fanompoana vaovao ao amin'ny fiangonanareo ianareo, na koa asa ho fanatrarana ny fiarahamonina. Aoka hisokatra ny sainareo ka hanaraka any amin'izay hitarihan'Andriamanitra. Azo antoka fa ho talanjona ianareo rehefa miara-mandeha Aminy. Nasianay fanamby ho amin'ny asa fanatrarana ny any ivelany miaraka amin'ny soso-kevitra maromaro any amin'ny fiafaran'ity Tari-dalana ho an'ny mpitarika ity.

## Fijoroana ho vavolombelona

Miangavy anareo izahay mba hizara tantara momba ny fomba niasan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Folo Androm-bavaka! Ho fankaherezana olona maro hafa ny tantaranareo. Azo alefa amin'ny adiresy ‹stories@ministerialassociation.org› ny fijoroana ho vavolombelona na alefa mivantana ao amin'ny tranonkalo ‹www.tendaysofprayer.org›.

## TOROHEVITRA MAHASOA MAHAKASIKA NY FIOMBONAM-BAVAKA

## Mifanaiky

Rehefa misy olona iray manandratra antom-bavaka amin'Andriamanitra, dia ataovy azo antoka fa misy olon-kafa koa mivavaka ho amin'izany fangatahana izany ka mifanaiky. Tena mahery vaika izany. Aza mieritreritra fa tsy mila manandratra ilay antom-bavaka intsony ny olon-kafa satria efa nisy olona iray nivavaka ho amin'izany. "*Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay*

*any an-danitra izany*" – Mat. 18:19. Tena mankahery tokoa izany hoe voasandratra ao anatin'ny vavaka izany!

**Mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra**

Hahita teny fikasana ao amin'ny Baiboly mifandraika amin'ny lohahevitra ianareo ao amin'ny tari-dalana isan'andro. Ampirisiho ny tarika mba hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra raha mivavaka izy ireo. Tena mora tokoa ny mifantoka amin'ny olantsika. Mampitombo ny finoantsika anefa isika rehefa mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra sy mampahatsiahy ny tenantsika fa hain'Andriamanitra ny zavatra rehetra. Manampy antsika ny teny fikasana mba hamily ny masontsika tsy hijery ny fahalementsika sy ny olantsika, fa hifantoka kosa amin'i Jesôsy. Misy teny fikasana ao amin'ny Baiboly azontsika takina ho an'ny fahalemena sy ny tolona tsirairay.

Ampirisiho ny olona hitady teny fikasana hafa ka handray an-tsoratra izany mba hotakina amin'ny hoavy.

**Fifadian-kanina**

Asao ireo mpiray tarika aminao mandritra ny Folo Androm-bavaka mba handinika ireo karazana fifadiana. Ao anatin'izany ny tsy fijerena fahitalavitra, ny tsy fihainoana ny hiran'izao tontolo izao na sarimihetsika samihafa, tsy fanokafana internety, tsy fihinanana vatomamy, na karazan-tsakafo hafa sarotra levonina. Ampiasao mba hivavahana sy hianarana ny Baiboly ny fotoana anaovana fifadiana, ka angataho Andriamanitra mba hanampy anao sy ny fiangonanao hitoetra amin'ny fahafenoany ao amin'i Kristy. Manampy ny saintsika handre mora kokoa ny feon'ny Fanahy Masina isika rehefa mihinana sakafo tsotra.

**Ny Fanahy Masina**

Ataovy azo antoka ny mangataka ny Fanahy Masina mba haneho aminareo ny zavatra tokony hoentina amim-bavaka eo amin'ny fiainan'ny olona iray na manoloana ny toe-javatra manokana. Ambaran'ny Baiboly tokoa mantsy fa tsy haintsika izay angatahina amim-bavaka, fa ny Fanahy Masina no manao fanelanelanana ho antsika.

*"Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe: 'Ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina" (Rôm. 8:26). Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, 'mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza' (Efes. 3:20)"* – Henoinareo ny Fanoharana, tt. 141-142.

## Fifanakaikezana ara-batana

Raha manomboka ny vavaka iombonana ianareo, dia asao ny rehetra mba hifanatona. Manampy amin'ny fampirisihana ny toe-tsain'ny firaisana ny fifanatonan'ny olona mba hanao faribolana ety. Tena zava-dehibe ho an'ny vavaka iombonana io toe-tsain'ny firaisana io. Ho sarotra koa ny handrenesana ny vavaky ny hafa rehefa miparitaka manerana ny efitrano ny olona.

## Fampiasana diarim-bavaka

Ny fampiasana diarim-bavaka mandritra ny Folo Androm-bavaka dia mety ho fitaovana tsara ho an'ny mpandray anjara mba hiraketany ny lohahevitry ny vavaka isan'andro, sy hanaovany fanekena azo tsapain-tanana amin'Andriamanitra, ary hahatsapany ny fitahiana narotsany tamin'izy ireo. Fomba efa voaporofo fa hankahery ny fanoratana ny antom-bavatsika sy ny firaketana an-tsoratra ny valiny avy amin'Andriamanitra. Raha tianao, dia azo ampidirina ao anatin'ny Folo Androm-bavaka amin'ny fomba maro ny fampiasana diary. Azonao atao ny manome fotoana ny olona mandritra ny fivoriam-bavaka mba hahafahany mirakitra an-tsoratra ao amin'ny diariny ny valinteny asetriny an'Andriamanitra. Azonao atao koa ny mampiasa diary iraisana ho an'ny tarika iray, izay ahitana ny antom-bavaka sy ny valiny, na ao anaty kahie izany, na eo amin'ny peta-drindrina lehibe iray, na amin'ny alalan'ny internety. Fomba tsotra azo anaovana izany ny manoritra tsipika iray midina eo afovoan'ny taratasy iray lehibe.
Soraty eo amin'ny tsanganana ankavia ny antom-bavaka ary eo ankavanana ny valim-bavaka. Mampientanentana sy mampiorina ny finoana ny manao jery todika ka mahita ny fomba namalian'Andriamanitra ny vavaka nasandratsika!

## Fanajana

Ampirisiho ny olona hanana fihetsika feno fanajana, ary aoka ianao mihitsy no haneho ohatra ny amin'izany. Manatona ny efitra misy ny seza fiandrianan'ny Mpanjakan'izao rehetra izao mantsy isika. Aoka ity fotoam-bavaka ity tsy hohamaivamaivanina amin'ny fomba fiseho na ny fahazaran-dratsy eo amin'ny fihetsika na ny fomba fiteny. Tsy voatery handohalika tsy ankiato anefa ny rehetra. Tianao hahazo aina mandritra ny ora iray ny rehetra, ka ampirisiho izy ireo handohalika na hipetraka na hitsangana araka izay itarihan'Andriamanitra sy araka izay mampahazo aina azy.

## Fehezanteny ao anatin'ny vavaka

Tokony ho fohy sy mazava ary mivantana ny vavaka. Manome ny hafa tombontsoa hahafahany mivavaka koa izany. Ezaho ferana ho amin'ny fehezanteny vitsy ny vavakareo. Afaka miverina mivavaka imbetsaka ny olona tsirairay. Mahatonga

ny fotoam-bavaka ho mahaliana foana ny vavaka fohy, ary mamela ny Fanahy Masina haneho amin'ny tarika izay tokony ho fomba fivavaka. Tsy voatery hamarana ny vavaka tsirairay amin'ny teny tahaka ny hoe "Andriamanitra Ray" sy "Amena" ianareo, satria resaka mitohy atao amin'Andriamanitra izany.

### Fahanginana

Aza mivalampatra amin'ny fotoam-bavaka ianao mpitarika, satria ny hampivavaka ny hafa no tanjona. Mahafinaritra ny fotoam-pahanginana, satria manome fotoana ho an'Andriamanitra mba hitenenana ao am-pontsika izany. Avelao hiasa ny Fanahy Masina ary omeo fotoana hivavahana ny tsirairay.

### Fihirana

Manampy hatsarana amin'ny fotoam-bavaka ny hira tononina araka izay itarihan'ny Fanahy, izay ampidirina eny anelanelan'ny vavaka. Fomba tsara hiampitana avy amin'ny fizaram-bavaka iray ho amin'ny fizarana iray hafa koa ny fihirana.

### Fanangonana antom-bavaka

Aza mangataka antom-bavaka avy amin'ny tarika. Asaivo manandratra amim-bavaka avy hatrany ny fangatahany fotsiny ny olona, ary ampirisiho ny hafa mbahiombom-po sy hiombom-bavaka ho amin'ireny antom-bavaka ireny. Ity no antony: ny fotoana! Haka ny ankamaroan'ny fotoam-bavakareo ny firesahana na ny fanehoana ny antom-bavaka. Faly i Satana raha azony atao foana ny mihazona antsika hiresaka momba ny olana fa tsy hivavaka momba ilay olana. Matetika mantsy ny mambra no manomboka manoro hevitra sy mandroso vahaolana amin'ny toe-javatra tahaka izany. Avy amin'Andriamanitra anefa ny hery! Arakaraka ny ivavahantsika no hirotsahan'ny heriny.

### Ny fotoam-bavakareo isan'andro

Tena zava-dehibe io! Ataovy azo antoka fa manokana fotoana isan'andro eo an-tongotr'i Jesôsy ianao mpitarika, mba hiresahana Aminy sy hamakiana ny teniny. Raha hataonao ho loha laharana eo amin'ny fiainanao ny fahafantarana an'Andriamanitra, dia hanokatra fanandramana mahafinaritra ho anao izany. "*Avy amin'ny toerana manginan'ny vavaka no niavian'ny hery izay nanozongozona izao tontolo izao tamin'ny andron'ny Refôrmasiona Lehibe. Tamin'ireny toerana ireny no nametrahan'ireo mpanompon'i Jehôvah ny tongony tambonin'ny vatolampin'ny teny fikasany*" – Hery Mifanandrina, t. 214.

**Fanamby ho fanatrarana ny any ivelany aorian'ny Folo Androm-bavaka**

**Afaka manao zavatra mba hanafainganana ny fiavian'i Jesôsy amin'ny alalan'ny "Mambra Rehetra Mandray Anjara" ny tsirairay.**

"*Fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-trano-maizina Aho, dia novangianareo*" – Mat. 25:35,36.

Izao no voalaza ao amin'ny Tanamasoandron'ny Fahasalamana: "*Tsy maintsy mivelona amin'ny fiainana roa sosona isika: dia fiainam-pisainana sy fiainan'asa, fiainan'ny fivavahana mangina sy fiainan'ny asa mafana*" – t. 343. Tombontsoa ho antsika ny maneho ny fitiavan'i Jesôsy amin'ny hafa. Nandray fitiavana mitafotafo avy tamin'ny Mpamonjintsika isika, koa aoka tsy hohazonintsika ho antsika samirery izany. Andao hizara ny fitiavany amin'ny hafa isika.

Mampirisika anao sy ny fiangonanao izahay mba hanontany amim-bavaka amin'Andriamanitra ny fomba hahafahanareo manatratra ny hafa aorian'ny Folo Androm-bavaka. Mifidiana hetsika iray na maromaro, mifidiana andro iray, ary meteza ho tongotra sy tanan'i Jesôsy. Raha eo am-pandaminana ny zavatra rehetra anefa ianareo, dia aoka tsy havela hisakana anareo tsy hivavaka ireny fandaminana ireny. "Ny ezaka manokana rehetra atao ho an'ny hafa, dia tokony hialohavan'ny vavaka mangina betsaka, satria mitaky fahendrena lehibe ny mahatakatra ny siansan'ny famonjena fanahy. Mialoha ny hifandraisana amin'olona, dia mifandraisa aloha amin'i Kristy. Eo amin'ny seza fiandrianan'ny famindrampon'ny lanitra no hahazoana ny fahavononana hanao ny asa ho an'ny olona" – *Prayer*, t. 313.

Efa nanomana lisitra misy ireo fomba ahafahanareo manampy ny hafa izahay. Fidio izay mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ny olona tianareo hampiana. Afaka manatanteraka amim-kalalahana ny zavatra tsy ato anatin'ny lisitra koa anefa ianareo.

- Manaova sakafo ho an'ny olona iray izay vao avy narary.
- Manasà ny mpifanolo-bodirindrina/mpiara-miasa iray mba hanatrika hetsika ataonareo ho an'ny fiaraha-monina.
- Manomeza sakafo ho an'ny olona tsy manan-kialofana iray.
- Mizarà fitafiana izay tianareo mba homena anareo koa.
- Manampia zokiolona iray. Tsidiho matetika izy ary ampio amin'ny asa amandraharahany: fiantsenana, fahandroana sakafo na fanamboarana ny zaridainany.
- Manamboara mofo ka zarao amin'ny mpifanolo-bodirindrina iray izany.
- Manampia amin'ny tetikasa hatao eo amin'ny manodidina anareo.

- Miandrasa marary na sembana ara-batana iray mba ho afaka hanao raharaha hafa ny mpikarakara azy.
- Mandraisa anjara amin'ny tetikasa atao ho an'ny fiarahamonina.
- Mifankahafantara amin'ny mpifanolo-bodirindrina iray izay vaovao ka itondray sakafo izy. Ataovy izay hahatsapany fa mandray tsara azy ianareo.
- Mividiana enta-madinika ka zarao amin'ny fianakaviana sahirana izany.
- Omeo olona ny solomasonao efa tsy ampiasainao intsony.
- Manaova fampianarana Baiboly.
- Mitsidiha olona any amin'ny toeram-pitsaboana.
- Manomeza vola kely ho an'ny mpianatra iray mba hividianany sakafo.
- Manangòna fitafiana ho an'ny sahirana. Azonareo atao ny manomboka ny fanangonana ao am-piangonanareo.
- Omeo olona ny solosainareo na ny fitaovana hafa toy izany, izay tsy ampiasainareo intsony.
- Omeo olona ny fiaranareo efa tranainy.
- Mikarakarà fampirantiana momba ny fahasalamana.
- Mandefasa karatra firarian-tsoa ho an'ny olona iray izay mpitokantokana.
- Manaova seminera na kaoferansa.
- Antsoy an-telefaonina ny mpiray vodirindrina ka anontanio azy ny momba ny fahasalamany.
- Omeo izay boky heverinao fa tiany ny olona iray.
- Mizarà trakta "GLOW".
- Manasà olona iray hanaiky an'i Jesôsy.
- Manaova fampianarana mahandro sakafo.
- Tanteraho ilay "Tetikasa boky 28". Manome boky iray ianao ao anatin'ny herinandro iray. Ny herinandro faharoa, boky roa. Ny herinandro fahatelo, boky telo. Tohizana hatrany izany mandra-pahatapitry ny boky 28.
- Mitondrà sakafo ho an'ny olona izay vao avy namoy hava-malala.
- Mitsidiha marary any amin'ny hôpitaly ka ampaherezo izy na ampio araka izay fahafaha-manaonareo.
- Mamakia boky ho an'ny zokiolona iray.
- Mitsidiha akany fitaizana zaza kamboty ka manaova soso-kevitra ny hanampy ny tompon'andraikitra.
- Manangàna vondrona mpampianatra zaitra na vim-bà mba hanamboarana fitafiana ho an'ny sahirana.

- Vakio mafy amin'ny olona tsy mahita na tsy afaka mamaky izany ny Baiboly.
- Mampiantranoa fivorian'ny tanora indray takariva ao an-tranonao.
- Miasà an-tsitrapo any amin'ny ivontoerana fiahiana ny olona iharan'ny herisetra.
- Manomeza boky ho an'ny akany na ivontoerana mikarakara ny ankizy tsy misy mpiahy.
- Ento mamangy any amin'ny akany fitaizana zokiolona ny ankizy ao am-piangonanareo. Manolora fotoana manokana ho azy ireo.
- Mandamìna fotoana fialam-boly ho an'ny ankizy manana fahasahiranana manokana sy ho an'ny fianakavian'izy ireo. Tanteraho ao an-tokantranonao izany.
- Manaova asa sôsialy fanadiovana eo amin'ny tanàna misy anareo ao anatin'ny iray andro.
- Manangàna fikambanana mikasika ny fahasalamana eo anivon'ny fiangonanareo. Asao hiditra amin'izany ny namana sy ny mpiray vodirindrina.
- Manasà olona hiara-mijery horonantsary ara-panahy aminareo. Eo am-pijerena izany, dia mivavaha mba hibitsika ao am-pon'izany olona izany ny Fanahy Masina.
- Mamolavolà tetikasa anareo manokana.

Raha tianao ny hahafantatra fomba fijoroana ho vavolombelona misimisy kokoa, dia tsidiho ny www.revivalandreformation.org/resources/witnessing

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

**FAMPIDIRANA**

Tonga soa eto amin'ny Folo Androm-bavaka 2020! Tena feno fankasitrahana isika fa afaka manomboka ity taona ity amin'ny vavaka. Nanao fahagagana maro Andriamanitra nandritra ireo taona maro lasa raha nitady Azy tamim-bavaka sy tamin'ny fifadian-kanina isika. Nanetsika fifohazana ny Fanahy Masina. Nitondra fiovam-po sy hafanam-po vaovao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara koa Izy, ary nitondra fahasitranana teo amin'ny fifandraisana. Tena marina tokoa fa ny vavaka no loharanon'ny fifohazana!

Mino izahay fa hiova ny fiainanao sy ny fiainan'ireo hoentinao amim-bavaka raha hiara-miombom-bavaka amin'ny mambran'ny fiangonana ianao. Hivavaka isika mba hirotsahan'ny Fanahy Masina, izay nampanantenain'ny Ray fa homena izay mangataka Aminy. Indreto misy fijoroana ho vavolombelona telo fotsiny avy amin'ireo nandray anjara tamin'ny Folo Androm-bavaka 2018 farany teo:

**N.K. avy any Zambia:**

Tamin'ny andro fahatelon'ny Folo Androm-bavaka, dia nivavaka teny anoloan'ny fiangonanay aho, raha resy lahatra ny hitalaho ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra. "Misy olona eo an-dalam-pamonoan-tena ankehitriny", hoy aho nivavaka. "Tompo malala ô, mitalaho Aminao aho, aza avela hahomby amin'izany izy. Midira an-tsehatra, Tompo ô". Tena zendana aho ny ampitson'io raha nahafantatra fa niezaka namono tena ny nenitoako. Niditra an-tsehatra anefa Andriamanitra ka namonjy ny ainy, noho ny vavakay. Salama tsara izy raha nanoratra ity fijoroana ho vavolombelona ity aho, ary miasa eo amin'ny fiainany Andriamanitra. Midera ny Tompo izahay rehetra noho ny valim-bavaka mahagaga natolony anay.

**J.J. avy any Caroline Avaratra, Etazonia:**

Tamin'ny taona 2017, nandritra ny Folo Androm-bavaka, dia nivavaka ho an'olona manokana anankidimy i Alycia namako, mba hanatonan'izy ireo an'i Kristy. Namaly ny ankamaroan'ny vavaka nataony Andriamanitra, saingy mbola nisy anarana iray tao amin'ny lisitra nataony mbola tsy nahazoana valim-bavaka, dia ny anaran'ny rahavaviny izany. Tonga nanatrika ny fivoriam-bavaka natao nandritra ny Folo Androm-bavaka tamin'ity taona (2019) ity anefa io rahavavin'i Alycia io. Koa nanolotra ny tenany ho an'i Jesôsy izy. Mianatra Baiboly izy ankehitriny ary miomana ho amin'ny batisa. Misy olona anankiroa izay nanatrika ny Folo Androm-bavaka koa nanolo-tena ho amin'ny batisa. Midera an'Andriamanitra izahay noho ny asa sy noho ny fandaharam-potoana

“Folo Androm-bavaka”. Tena niaina fanandramana lalina kokoa tokoa niaraka tamin’i Jesôsy izahay raha niara-niombom-bavaka.

**Mpino iray any Azia:**

Raha nandeha ny Folo Androm-bavaka, dia nivavaka tamin’ny Raintsika izay any an-danitra aho mba hanomezany ahy tombontsoa mba hahafahako mampiely ny hafatra advantista. (…) Rehefa vita ny Folo Androm-bavaka, dia nitory ny hafatra advantista tamin’ny vondron’olona lehibe iray aho. Tsy mba mpivavaka anefa izy ireo, fa nandray tsara ny hafatra nentiko. Naharay valim-bavaka aho. Izany no fijoroana ho vavolombelona lehibe nataoko taorian’iny Folo Androm-bavaka iny. Deraina ny Tompo.

## Ny lohahevitry ny Folo Androm-bavaka hataontsika: Mikatsaka ny Fanahin’Andriamanitra

Mandritra ity Folo Androm-bavaka 2020 ity dia manasa anao izahay mba hanandrana ireo fitahiana nampanantenaina momba ny Fanahy Masina. Nanome antsika ity teny fikasana ity i Jesôsy, mialoha ny niverenany tany an-danitra: “*Fa hahazo hery hianareo amin’ny hilatsahan’ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran’i Jodia sy Samaria ary hatramin’ny faran’ny tany*” – Asa. 1:8.

“*Koa satria io no fomba handraisantsika hery, nahoana no tsy noana sy mangetaheta ny fanomezana ny Fanahy isika? Nahoana no tsy ataontsika anton-dresaka, antom-bavaka sy toriteny izany? Vonona ny hanome ny Fanahy Masina amin’izay manompo Azy ny Tompo, mihoatra noho ny fanirian’ny ray aman-dreny hanome zava-tsoa ho an’ny zanany. tokony handefa fangatahana isan’andro amin’Andriamanitra ny mpiasa tsirairay mba handraisany ny batisan’ny Fanahy isan’andro*” – Vavolombelona Mahery, t. 46.

Miaraha aminay raha mikatsaka ny firotsahan’ny Fanahy Masina isika ka hamela an’Andriamanitra hamokatra ny voany eo amin’ny fiainantsika!

## SOSO-KEVITRA SY TOROMARIKA HO AMIN’NY FOTOAM-BAVAKA

• Ataovy fohy mandrakariva ny vavakareo – fehezanteny iray na roa ihany momba ny lohahevitra iray. Rehefa izay dia avelao hanana ny anjarany indray ny hafa. Afaka mivavaka imbetsaka araka izay tianareo ianareo, tahaka ny hoe miresaka mihitsy.

• Aza matahotra ny fahanginana, satria manome fotoana ho an’ny tsirairay mba hihainoana ny Fanahy Masina izany.

• Fitahiana goavana koa ny fiarahana miredona hira araka izay itarihan’ny Fanahy. Tsy mila pianô ianareo ho amin’izany; mety tsara ny mihira tsy misy zava-maneno.

• Aza lanina amin'ny fifampitanisana ny antom-bavakareo ilay fotoam-bavaka sarobidy, fa avy hatrany dia ento amim-bavaka fotsiny izany. Rehefa izay dia afaka mitondra amim-bavaka ny fangatahanareo sy hitaky ny teny fikasana ho amin'izay mahasoa anareo koa ny hafa.

## Mitaky ireo teny fikasana

Nanome antsika teny fikasana maro Andriamanitra ao amin'ny teniny. Tombontsoa ho antsika ny mitaky azy ireny ao anatin'ny vavaka ataontsika. Teny fikasana koa ny didiny sy ny toroheviny rehetra. Tsy hangataka amintsika zavatra izay tsy azontsika tanterahina amin'ny heriny na oviana na oviana Izy.

Tena mora ny mifantoka amin'ny zavatra ilaintsika sy ny olantsika ary ny fihaikana lalovantsika – sy ny midradradradra sy ny mitaraina momba ny zavatra iainantsika rehefa mivavaka isika. Tsy izany no tanjon'ny vavaka. Natao hampahatanjaka ny finoantsika ny vavaka. Izany no mahatonga anay hampirisika anareo hitaky ny teny fikasana avy amin'Andriamanitra eo amin'ny fotoam-bavakareo. Esory tsy ho eo amin'ny tenanareo sy ny fahalemenareo ny masonareo ka mijere an'i Jesôsy. Voaova hanana ny endriny isika rehefa mibanjina Azy. "Ho antsika ny teny fikasana tsirairay ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Asehoy ao amin'ny vavakao ny tenim-pianianana nataon'i Jehôvah ka takio amim-pinoana ny teny fikasana nomeny. Ny teniny no manome antoka fa hahazo ireo fitahiana ara-panahy rehetra ianao raha mangataka izany amim-pinoana. Tohizo hatrany ny fangatahana, dia hahazo mihoatra lavitra noho izay angatahinao na heverinao aza ianao" - In Heavenly Places, t. 71.

Ahoana no ahafahana mitaky ny teny fikasana nomeny? Ohatra, rehefa mangataka fiadanana ianareo, dia azonareo takina ny Jao. 14:27 ka lazao hoe: "Tompo ô, nilaza taminay Ianao ao amin'ny teninao hoe: '*Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo.'* Omeo anay ny fiadanana nampanantenainao fa havelanao ho anay." Misaora ny Tompo fa manome anareo ny fiadanany Izy, na dia mety tsy tsapanareo avy hatrany aza izany.

Misy teny fikasana mifandraika manokana amin'ny lohahevitra nampidirina ao amin'ny lahatsoratra hatao isan-kariva.

## Fifadian-kanina

Mampirisika anao izahay hanao fifadian-kanina toy izay nataon'i Daniela, mandritra ireo folo andro ireo. Fomba iray lehibe hanolorana ny fiainana ho an'Andriamanitra ho an'ny taona vao mitsidika ny fanombohana izany amin'ny vavaka

sy fifadian-kanina. Izao no ambaran'i Ellen White amintsika: "Amin'izao fotoana izao sy mandra-pahatonga ny fiafaran'izao tontolo izao, dia tokony ho mahatoky kokoa ny vahoakan'Andriamanitra, ho malina kokoa ka tsy hitoky amin'ny fahendreny manokana fa amin'ny fahendren'ilay Mpitarika azy. Tokony hanokana andro hifadiana hanina sy hivavahana izy ireo. Tsy voatery hifady hanina tanteraka izy ireo saingy sakafo tsotra indrindra no tokony hohaniny." - Counsels on Diet and Foods, tt. 188,189.

Fantatsika ny tantaran'i Daniela, izay nihinana voankazo sy zava-maniry nandritra ny folo andro. Ampirisihinay koa ianao mba hihinana sakafo tsotra mandritra ity folo andro ity. Mitondra soa ho antsika amin'ny lafiny maro ny sakafo tsotra lavitry ny siramamy sy ny sakafo voahodina sy voaova ary ny zava-pisotro toy ny "soda". Voalohany, ny fihinanana sakafo tsotra dia tsy mandany fotoana ela ny fikarakarana izany ka hanana fotoana bebe kokoa iarahana amin'Andriamanitra ianao. Faharoa, arakaraka ny maha-tsotra ny sakafo hanintsika no maha-mora kokoa ny fandevonan-kanina ao amin'ny vavony, ka hampahazava kokoa ny saintsika. Samy mahalala isika rehetra fa mahadonto ny faritra aloha amin'ny atidoha, ivon'ny fieritreretantsika, ny siramamy. Raha te hanana atidoha matsilo kokoa afaka mandre mora foana ny feon'Andriamanitra isika, ary raha te hanatona Azy bebe kokoa, dia ilaintsika ny mahazo antoka fa tsy manakana antsika amin'izany ny sakafo hanintsika.

Tsy ny tsy fihinanana sakafo ihany no voakasiky ny fifadian-kanina; mampirisika anao izahay mba hifady koa ny fahitalavitra, ny horonan-tsarimihetsika, ny lalao amin'ny solosaina, ary na ny "Facebook" sy ny "Youtube" koa aza. Indraindray ny zavatra izay toa tsy misy maharatsy azy, tahaka ny "Facebook" sy ny "Youtube", no maka ny ankamaroan'ny fotoantsika. Avelao avokoa izay azo avela rehetra mba hanananao fotoana betsaka kokoa hiarahana amin'Andriamanitra.

Tsy hoe fomba hainganaindrindra hahazoana fahagagana avy amin'Andriamanitra ny fifadian-kanina, fa fanetrena ny tenantsika mba hahafahan'Andriamanitra miasa ao anatintsika sy amin'ny alalantsika. "Ampirisihina ary mety indrindra ny fifadian-kanina arahim-bavaka amin'ny toe-javatra sasany. Amin'Andriamanitra dia fomba fanadiovana ny fo izany, ary mahatonga ny saina hatsilo kokoa. Mahazo valim-bavaka isika satria manetry tena eo anatrehan'Andriamanitra". - Medical Ministry, t. 283

Andeha isika hanetry tena eo anatrehan'Andriamanitra ary hitady Azy amin'ny fontsika sy ny saintsika ary ny herintsika rehetra. Andeha hanatona Azy bebe kokoa amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fifadian-kanina isika, dia hanatona antsika bebe kokoa Izy.

## Ny Fanahy Masina

Ataovy azo antoka fa nangataka ny Fanahy Masina ianao mba haneho aminao izay tokony ho vavakao ho an'ny fiainan'ny olona iray na manoloana ny toe-javatra

manokana iray. Milaza amintsika ny Baiboly fa tsy haintsika izay vavaka hotononina fa ny Fanahy Masina no manao fanelanelanana ho antsika.

“*Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin’ny anaran’i Kristy isika, fa amin’ny fibitsihan’ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan’izay voalaza hoe: ‘Ny Fanahy no mifona amin’ny fitarainana tsy azo tononina’. Mahafaly an’Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin’ny anaran’i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin’io hery io indrindra no misy antoka avy amin’Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, ‘mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza’ – Efes. 3:20*” - Henoinareo ny Fanoharana, tt. 141,142

### Ny finoana

Izao no hitantsika ao amin’ny Fanahin’ny Faminaniana: “Ny fivavahana sy ny finoana dia hanao izay tsy azon’ny fahefana na iza na iza eto an-tany tanterahina” - The Ministry of healing, t. 509. Ampirisihina koa isika mba hivavaka sy hino fa efa nandre ny vavaka nataontsika Andriamanitra ary hamaly izany.

“Izao no nolazain’i Kristy: *‘Mangataha, dia homena hianareo’*. Manome torolalana ho antsika i Kristy ao amin’ireo teny ireo fa tokony hivavaka isika. Tokony hanatona ny Raintsika any an-danitra isika amin’ny fahatsorana tahaka ny an’ny zaza, mangataka Aminy ny fanomezan’ny Fanahy Masina. Mbola nanampy i Jesôsy hoe: *‘Ary na inona na inona no angatahinareo amin’ny fivavahana atao amin’ny finoana dia ho azonareo*’. Tokony hanatona ny Ray amin’ny fibebahana sy fiaiken-keloka ianareo, ka hanaisotra ny fahotana rehetra sy ny fahalotoana ao amin’ny fanahy. Ary tombontsoa lehibe ho anareo ny manaporofo ny teny fikasan’Andriamanitra (…) Mila mino ny tenin’Andriamanitra isika satria ny fisedrana ny toetsika dia hita ao amin’ny fiorenantsika ao amin’ny finoana masina indrindra. Ny teniny no isedran’Andriamanitra anareo. Tsy tokony hiandry fientanam-po mahafinaritra ianareo vao hino fa nandre anareo Andriamanitra; tsy tokony ho fepetra apetrakareo ny fihetseham-po satria ny fientanam-po dia miovaova tahaka ny rahona. (…) Azontsika atao ny mahazo ny fanampian’ny lanitra eto an-tany. (…) Fa efa nizaha toetra an’Andriamanitra in’arivony maro aho. Handeha amin’ny finoana aho, tsy hanala baraka ny Mpamonjy ahy amin’ny tsy finoana”. - Review and Herald, 11 Oktôbra 1892, par. 1, 3, 6.

Efa nambara tamintsika koa fa “azontsika angatahina avokoa ny fanomezana nampanantenainy rehetra; koa tokony hino isika fa efa nandray izany ary hisaotra an’Andriamanitra noho ny amin’izay noraisintsika” - Education, t. 258. Ka aoka ho fahazarana ny misaotra an’Andriamanitra mialoha, amin’ny alalan’ny finoana ny amin’izay hataony sy ny fomba hamaliany ny vavaka ataontsika.

## Mivavaha ho an'olona fito

Mampirisika anareo izahay mba hivavaka amin'ny fomba miavaka mandritra ny folo andro ho an'ireo olona fito izay tianareo hahita fanandramana vaovao amin'ny fananana "fiainana feno kokoa". Mety ho havana izy ireny, namana, mpiara-miasa, mpiray vodirindrina, na olom-pantatra tsotra. Manokàna fotoana fohy ary angataho Andriamanitra haneho ny olona tiany hoentinareo am-bavaka. Angataho koa Izy mba hanaovanareo ezaka ho an'ireo olona ireo. Soraty amin'ny taratasy kely ireo anarana ireo ary apetraho amin'ny toerana mora ahitana azy; ao anaty Baibolinareo, ohatra. Misy zava-mahagaga tokoa amin'ny fanoratana ireo anarana ireo; ho talanjona ianareo noho ny fomba hiasan'Andriamanitra mba hamaliana ny vavaka ataonareo!

## Fanamby ho fanatrarana ny any ivelany aorian'ny Folo Androm-bavaka

Afaka manao zavatra mba hanafainganana ny fiavian'i Jesôsy amin'ny alalan'ny "Mambra Rehetra Mandray Anjara" ny tsirairay.

"*Fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-trano-maizina Aho, dia novangianareo*" – Mat. 25:35,36.

Izao no voalaza ao amin'ny Tanamasoandron'ny Fahasalamana: "*Tsy maintsy mivelona amin'ny fiainana roa sosona isika: dia fiainam-pisainana sy fiainan'asa, fiainan'ny fivavahana mangina sy fiainan'ny asa mafana*" – t. 343. Tombontsoa ho antsika ny maneho ny fitiavan'i Jesôsy amin'ny hafa. Nandray fitiavana mitafotafo avy tamin'ny Mpamonjintsika isika, koa aoka tsy hohazonintsika ho antsika samirery izany. Andao hizara ny fitiavany amin'ny hafa isika.

Mampirisika anao sy ny fiangonanao izahay mba hanontany amim-bavaka amin'Andriamanitra ny fomba hahafahanareo manatratra ny hafa aorian'ny Folo Androm-bavaka. Mifidiana hetsika iray na maromaro, mifidiana andro iray, ary meteza ho tongotra sy tanan'i Jesôsy. Raha eo am-pandaminana ny zavatra rehetra anefa ianareo, dia aoka tsy havela hisakana anareo tsy hivavaka ireny fandaminana ireny. "Ny ezaka manokana rehetra atao ho an'ny hafa, dia tokony hialohavan'ny vavaka mangina betsaka, satria mitaky fahendrena lehibe ny mahatakatra ny siansan'ny famonjena fanahy. Mialoha ny hifandraisana amin'olona, dia mifandraisa aloha amin'i Kristy. Eo amin'ny seza fiandrianan'ny famindrampon'ny lanitra no hahazoana ny fahavononana hanao ny asa ho an'ny olona" – *Prayer*, t. 313.

Efa nanomana lisitra misy ireo fomba ahafahanareo manampy ny hafa izahay. Fidio izay mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ny olona tianareo hampiana. Afaka

manatanteraka amim-kalalahana ny zavatra tsy ato anatin'ny lisitra koa anefa ianareo.

- Manaova sakafo ho an'ny olona iray izay vao avy narary.
- Manasà ny mpifanolo-bodirindrina/mpiara-miasa iray mba hanatrika hetsika ataonareo ho an'ny fiarahamonina.
- Manomeza sakafo ho an'ny olona tsy manan-kialofana iray.
- Mizarà fitafiana izay tianareo mba homena anareo koa.
- Manampia zokiolona iray. Tsidiho matetika izy ary ampio amin'ny asa amandraharahany: fiantsenana, fahandroana sakafo na fanamboarana ny zaridainany.
- Manamboara mofo ka zarao amin'ny mpifanolo-bodirindrina iray izany.
- Manampia amin'ny tetikasa hatao eo amin'ny manodidina anareo.
- Miandrasa marary na sembana ara-batana iray mba ho afaka hanao raharaha hafa ny mpikarakara azy.
- Mandraisa anjara amin'ny tetikasa atao ho an'ny fiarahamonina.
- Mifankahafantara amin'ny mpifanolo-bodirindrina iray izay vaovao ka itondray sakafo izy. Ataovy izay hahatsapany fa mandray tsara azy ianareo.
- Mividiana enta-madinika ka zarao amin'ny fianakaviana sahirana izany.
- Omeo olona ny solomasonao efa tsy ampiasainao intsony.
- Manaova fampianarana Baiboly.
- Mitsidiha olona any amin'ny toeram-pitsaboana.
- Manomeza vola kely ho an'ny mpianatra iray mba hividianany sakafo.
- Manangòna fitafiana ho an'ny sahirana. Azonareo atao ny manomboka ny fanangonana ao am-piangonanareo.
- Omeo olona ny solosainareo na ny fitaovana hafa toy izany, izay tsy ampiasainareo intsony.
- Omeo olona ny fiaranareo efa tranainy.
- Mikarakarà fampirantiana momba ny fahasalamana.
- Mandefasa karatra firarian-tsoa ho an'ny olona iray izay mpitokantokana.
- Manaova seminera na kaoferansa.
- Antsoy an-telefaonina ny mpiray vodirindrina ka anontanio azy ny momba ny fahasalamany.
- Omeo izay boky heverinao fa tiany ny olona iray.
- Mizarà trakta "GLOW".
- Manasà olona iray hanaiky an'i Jesôsy.
- Manaova fampianarana mahandro sakafo.

- Tanteraho ilay “Tetikasa boky 28”. Manome boky iray ianao ao anatin’ny herinandro iray. Ny herinandro faharoa, boky roa. Ny herinandro fahatelo, boky telo. Tohizana hatrany izany mandra-pahatapitry ny boky 28.
- Mitondrà sakafo ho an’ny olona izay vao avy namoy hava-malala.
- Mitsidiha marary any amin’ny hôpitaly ka ampaherezo izy na ampio araka izay fahafaha-manaonareo.
- Mamakia boky ho an’ny zokiolona iray.
- Mitsidiha akany fitaizana zaza kamboty ka manaova soso-kevitra ny hanampy ny tompon’andraikitra.
- Manangàna vondrona mpampianatra zaitra na vim-bà mba hanamboarana fitafiana ho an’ny sahirana.
- Vakio mafy amin’ny olona tsy mahita na tsy afaka mamaky izany ny Baiboly.
- Mampiantranoa fivorian’ny tanora indray takariva ao an-tranonao.
- Miasà an-tsitrapo any amin’ny ivontoerana fiahiana ny olona iharan’ny herisetra.
- Manomeza boky ho an’ny akany na ivontoerana mikarakara ny ankizy tsy misy mpiahy.
- Ento mamangy any amin’ny akany fitaizana zokiolona ny ankizy ao am-piangonanareo. Manolora fotoana manokana ho azy ireo.
- Mandamìna fotoana fialam-boly ho an’ny ankizy manana fahasahirana manokana sy ho an’ny fianakavian’izy ireo. Tanteraho ao an-tokantranonao izany.
- Manaova asa sôsialy fanadiovana eo amin’ny tanàna misy anareo ao anatin’ny iray andro.
- Manangàna fikambanana mikasika ny fahasalamana eo anivon’ny fiangonanareo. Asao hiditra amin’izany ny namana sy ny mpiray vodirindrina.
- Manasà olona hiara-mijery horonantsary ara-panahy aminareo. Eo am-pijerena izany, dia mivavaha mba hibitsika ao am-pon’izany olona izany ny Fanahy Masina.
- Mamolavolà tetikasa anareo manokana.

Raha tianao ny hahafantatra fomba fijoroana ho vavolombelona misimisy kokoa, dia tsidiho ny www.revivalandreformation.org/resources/witnessing

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

**ALIM-BAVAKA: FIVORIAN'ALIM-BAVAKA HO AN'NY ANDRO FAHAFOLO (TSY VOATERY)**

Eritrereto ny fomba hanatanterahana fivorian'alim-bavaka ho isan'ny fandaharana atao ao anatin'ny Folo Androm-bavaka. Azonareo atao, ohatra, ny manomboka izany amin'ny enina ora hariva ary mamarana izany amin'ny enina ora maraina.

***Nahoana no asiana alim-bavaka?***

Tsy misy zavatra "masina" amin'ny fomba manokana amin'ny tsy fatoriana sy fivavahana mandritra ny alina iray manontolo na mandritra ny ampaham-potoana amin'ny alina. Ny alina anefa no mety ho fotoana tokana tsy mahaseriny na mampirotoroto ny olona. Mino izahay fa ny tanjonareo dia tsy ny hoe tsy hatory mandritra ny alina iray manontolo fa ny hivavaka araka izay ilaina, mandra-pitondranareo am-bavaka ny zavatra rehetra tsapanareo fa irin'Andriamanitra hoentinareo amim-bavaka.

Manoso-kevitra izahay ny mba hisian'ny olona maro hitarika ny fotoana mandritra io alina io. Aoka ho azo antoka fa misy fakan-drivotra. Amin'ny maha-mpitarika anao, dia ho tsapanao ny rivo-piainana misy, ary ho tsapanao ny fotoana ilàna fakan-drivotra, ary ny fotoana tokony hidirana amin'ny fotoam-bavaka manaraka. Azonareo ampidirina ao anatin'ny fotoam-bavakareo koa ny famakiana teny avy ao amin'ny Baiboly. Mety ho tianareo ny hanatanteraka ny zavatra rehetra aroso ato na ny sasany amin'izany ihany, arakaraka izay mety indrindra amin'ny fiangonanareo. Azo atao tsara ny manova ny filaharan'ireto zavatra aroso ireto.

## Santionam-pandaharam-potoana ho an'ny ora voalohany anaovana vavaka

5:45 — Hira fiderana.

6:00 — Fiarahabana sy fampidirana. Ataovy fohy nefa mahasarika ny fanazavana.

6:05 — Vavaka fiderana noho ny maha-Izy Azy an'Andriamanitra (midera ny toetrany).

6:10 — Fitakiana ireo teny fikasana ao amin'ny Baiboly (jereo ny takila: "Teny fikasana takina mandritra ny vavaka").

6:15 — Vavaka fiaiken-keloka (fotoan'ny vavaka mangina).

6:20 — Vavavaka fangataham-pitahiana (fitalahoana).

6:25 — Vavaka mangina.

6:30 — Vavaka fanelanelanana ho an'ny famonjena ireo fanahy ao amin'ny fiarahamoninareo sy ao amin'ny faritra misy ny fiangonana.

6:35 — Vavaka ho fandinihana ny fiainan'i Jesôsy sy ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty.

6:40 — Fisaorana noho izay nataon'Andriamanitra.

6:45 — Hira vavaka sy/na hira valin'antso avy ao amin'ny Fihirana.

6:50 — Vavaka ho fangatahana ny fanatrehan'ny Fanahy Masina sy ny heriny.

6:55 — Vavaka fisaorana sy fiderana fanampiny.

Azonareo atao ny mamerina io fandaharam-potoana io ho an'ny ora tsirairay mandritra ny alina satria hisy olona ho tonga ary hisy olona handeha foana. Mety ho tianareo ny hivavaka ho an'ny "Antom-bavaky ny Fiangonana maneran-tany" (hita any amin'ny fiafaran'ity taridalana ity) mandritra ny vavaka fitalahoana. Asio fotoana ho an'ny zavatra ilaina eo an-toerana sy ho an'ny antom-bavaka manokana koa anefa.

Fanatsarana mety koa ny anehoan'ny mambra manan-talenta hira mifantoka amin'ny vavaka na tononkalo vavaka. Azonareo ampidirana fijoroana ho vavolombelona mandritra ny 3-5 minitra koa ao anatin'ny fandaharam-potoana.

Mety ho tianareo koa ny hanisy fotoam-pamaranana manokana rehefa tonga ny maraina. Atombohy amin'ny hiran'ny tarika iray sy amin'ny hafatra fohy avy amin'ny pasitora na loholon'ny vavaka izany. Angamba koa hofaranananareo tanteraka amin'ny sakafo maraina miavaka izany.

## Antom-bavaky ny Fiangonana maneran-tany

• Mivavaka izahay ho an'ireo mambra advantista izay miaritra fanenjehana na fanagadrana noho ny finoany.

• Mivavaka izahay mba hisian'ny fifohazana ara-panahy eo anivon'ny tanora advantista mianatra any amin'ireo sekoly ambaratonga ambony sy Oniversite manerana izao tontolo izao. Enga anie ka ho lasa ambasadaoron'i Kristy mavitrika izy ireo.

• Mivavaka izahay ho an'ireo 69 isan-jaton'ny mponin'ny tany izay tsy mbola nahazo fanehoana mazava an'i Jesôsy.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona miisa 62 tapitrisa izay monina any amin'ireo tanàna valo amby roapolo mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Union Soviétique taloha (Diviziona Eorôpa-Azia).

• Mivavaka izahay mba hananganan'Andriamanitra misiônera vonona ny hiasa eo anivon'ireo vondron'olona miisa 746 any amin'ireo firenena roapolo any Moyen Orient.

• Mivavaka izahay ho an'ny Hetsika Misiônera 1000 any amin'ny Diviziona Avaratr'i Azia-Pasifika sy ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika. Raha manompo any amin'ny firenena tahaka an'i Taïwan, Chine, Russie, ary Birmanie ireo tanora ireo, dia enga anie izy ireo ka hatao batisa amin'ny Fanahy Masina sy hahazo hery mba hamitany ny asan'Andriamanitra.

• Mivavaka izahay mba hiara-mirona amin-kery ny Advantista raha hanompo an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitiavana ny hafa sy ny fitoriana ny filazantsara

amin'ny olona hafa kolontsaina sy antokom-pivavahana.

• Mangataka izahay ny mba hananganana mpianatra "vaudois" amin'izao vanin'andro môderina izao, izay vonona ny hanompo Anao any amin'ireo toerana sarotra iasana.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona 202 tapitrisa any amin'ireo tanàna 41 mikatona indrindra amin'ny filazantsara any amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika, mba hahafantaran'izy ireo an'i Jesôsy.

• Mivavaka izahay ho an'ny Departemantan'ny Sekoly Sabata sy ny Asa Fitoriana ao amin'ny fiangonana tsirairay raha mikatsaka ny fikasan'Andriamanitra, sy manatratra ny fiarahamoniny amin'ny fanompoam-pitiavana, fampianarana Baiboly, ary fijoroan'ny tena manokana ho vavolombelona izy ireo.

• Mivavaka izahay ho an'ny ADRA raha manolotra izay ilain'ny olona amin'ny andavanandro maneran-tany izy ireo.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona 16 tapitrisa any amin'ireo tanàna mikatona indrindra amin'ny filazantsara any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo. Mivavaka izahay ny mba hisian'ny batisan'ny Fanahy Masina isan'andro eo amin'ny mambra raha manatratra amim-pitiavana ireo mbola tsy nandray ny filazantsara izy ireo.

• Mivavaka izahay ny mba hanampian'ny Fanahy Masina anay hahay hanatratra ireo olona 406 tapitrisa any amin'ireo tanàna 105 mikatona indrindra amin'ny filazantsara, any amin'ny Diviziona Avaratr'i Azia-Pasifika.

• Mitalaho Aminao izahay ny mba hitahiana ny Sampana "Aumônerie" raha manetsika ireo "aumôniers" sy ireo mambra liana mba hiasa any amin'ireo voafonja izany sampana izany.

• Tompo ô, mahatsiaro ireo mpampianatry ny Sekoly Sabata izahay. Ampio izy ireo hahalala fa tena zava-dehibe ho an'ny zanakay ny asan'izy ireny.

• Tompo ô, mangataka ny fitarihanao izahay eo amin'ireo ivontoeran'ny fanantenana maro, eo amin'ireo fandaharana momba ny fahasalamana sy ny fianakaviana, ary eo amin'ireo klioban'ny Mpisavalalana maneran-tany.

• Mivavaka izahay mba hanampianao anay hitia sy hamahana ireo mambra vaovao.

• Tompo ô, mba asehoy aminay ny fomba hampielezana boky mirakitra ny fahamarinana maro kokoa (vita pirinty sy elektrônika) amin'ireo manodidina anay. Mivavaka izahay mba hamakian'ny olona izany sy handresen'ny Fanahy Masina lahatra azy ireo amin'ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly.

• Tompo ô, mangataka ny fiarovanao ho amin'ireo misiônera miasa any amin'ny toerana mampidi-doza izahay.

• Mitalaho Aminao izahay mba hanangana mpampiely boky evanjelisitra, mpianatra

mpirotsaka an-tsitrapo, mpanoratra, matihanina momba ny haino aman-jery, ary mpanohana ara-bola mba hampiely ny tenim-panantenana sy fiainana.

• Mivavaka izahay ho an'ireo sekoly advantista 8208 izay ahitana mpianatra eo ho eo amin'ny roa tapitrisa. Enga anie ireo sekoly ireo ka hampianatra mandrakariva ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly sy hitarika ny tanora ho amin'ny iraka sy ny fanompoana.

• Tompo ô, omeo fahendrena izahay mba hanatratra ireo kolontsaina lahika tsy mba liana amin'ny fivavahana. Aoka ny Fanahinao Masina handrava ny rindrina manodidina ny fo tsy liana amin'ny fivavahana.

• Mivavaka ho an'ireo vondron'olona tsy Kristianina any Azia izahay. Omeo fahendrena miavaka izahay mba hanomezanay izay ilainy.

• Tahio izahay raha hanatratra ireo olona voagejan'ny fanompoana fanahy sy ny fanompoan-tsampy ary ny finoana sy ny fanompoana zavaboary. Ampio izahay hahatakatra ny fomba fijeriny sy hampahafantatra azy ireo ilay Mpamonjy manokana.

• Tompo ô, taomy ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerana izao tontolo izao mba hivavaka mihoatra noho izay natao tamin'ny lasa rehetra. Enga anie izahay ka hiara-mitalaho ny hirotsahan'ny ranonorana farany amin'ny Fanahy Masina. Mangataka Aminao izahay ny mba hahatanterahan'ny Joe. 2 sy Hos. 6 ary ny Asa. 2, araka izay efa nampanantenainao.

• Mivavaka izahay ho an'ireo vondron'olona 541 any amin'ireo firenena 18 ao amin'ny Diviziona Atsimon'i Afrika sy Ranomasimbe Indianina. Miangavy Anao izahay mba hitarika azy ireo ho eo amin'ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly.

• Asehoy anay ny fomba anomezana ny zavatra ilain'ireo mpitsoa-ponenana eo amin'ny lafiny ara-batana sy ara-panahy. Enga anie ny fiangonanay ka ho fantatra noho ny fitiavanay ny olona rehetra, na iza izany na iza ary na avy aiza na avy aiza.

• Enga anie izahay ka hitory amim-pahatokiana sy amin'ny fahafenoany ny hafatry ny anjely telo ao amin'ny Apôk. 14. Enga anie izahay ka hampifantoka ny fampianaranay rehetra eo amin'ny fitiavana sy ny fahamarinan'i Kristy.

• Mangataka Anao izahay mba hanangana misiônera an-drenivohitra mba hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 806 any amin'ireo firenena roapolo ao amin'ny Diviziona Inter-Eorôpeanina.

• Mitalaho Aminao izahay mba hanangana tafika mpiasa mba hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 948 any amin'ireo firenena valo amby telopolo ao amin'ny Diviziona Inter-Amerikanina.

• Ampianaro anay ny fomba hitoriana ireo foto-pinoan'ny fiangonana amin'ny fomba

mazava sy tia karokaroka ary araka ny Baiboly. Enga anie ka ny fitiavan'i Kristy no ho ivon'ny zavatra rehetra inoanay.

• Mangataka Anao izahay mba hanomana tanora hanangana fiangonana ho an'ireo vondron'olona 789 any amin'ireo firenena sivy ao amin'ny Diviziona Avaratr'i Amerika.

• Mangataka Anao izahay mba hanomana mpirotsaka an-tsitrapo mba hanompo ireo vondron'olona fitopolo ao amin'ny Sahan'i Isiraely.

• Mangataka Anao izahay mba hanangana misiônera ara-pahasalamana mba hanorina fiangonana eo amin'ireo vondron'olona 830 any amin'ireo firenena iraika ambin'ny folo ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Atsinanana.

• Mangataka Anao izahay mba hanangana miaramilam-bavaka mba hivavaka ho an'ireo vondron'olona 2568 any amin'ireo firenena efatra ao amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia. Mahatsiaro amin'ny fomba manokana ny Hope TV any Inde sy ny Asian Aid School ho an'ny Jamba izahay.

• Mivavaka izahay ho an'ny asan'ireo trano pirinty ao amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika.

• Mivavaka izahay mba hanao araka izay nampanantenainao ao amin'ny Sal. 32:8 Ianao, ka hitarika sy hanolo-tsaina anay raha manatanteraka ny fanamby ho fanatrarana ny any ivelany aorian'ny Folo Androm-bavaka izahay.

• Mitalaho Aminao izahay mba hanehoan'ny ankohonanay ny fitiavanao ao an-tokantranonay sy amin'ny manodidina anay. Mangataka Anao izahay mba hitondra filaminana ao an-tokantranonay, hanasitrana ny fifandraisana rava, hiaro ireo olona marefo amin'ny fanararaotana, ary haneho ny herinao manamasina ao anatin'ny toe-javatra toa tsy misy antenaina.

• Enga anie ny mambran'ny fiangonanay sy ny mpitandrina ary ireo mpitarika manerantany mba hivoky amin'ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Enga anie ka hitady Anao isan'andro amin'ny alalan'ny vavaka manokana koa izahay. Ampahatsiahivo anay mandrakariva fa tsy mahefa na inona na inona izahay raha tsy eo Ianao.

• Mangataka Anao izahay mba hanangana mpitsabo mpanampy sy mpitsabo mba hanorina fiangonana vaovao eo amin'ireo vondron'olona 1978 any amin'ireo firenena roa amby roapolo ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Andrefana.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona 49 tapitrisa any amin'ireo tanàna 19 mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Diviziona Trans-Eorôpeanina.

• Mivavaka ho an'ny zanakay izahay. Miangavy Anao mba hanome hery azy ireny mba hijoroany amim-pahasahiana ho Anao rehefa miatrika sakana sy faneriterena izy ireo. Ampio izy ireo mba hanao safidy feno fahendrena sy hijoro ho an'ny fahamarinana.

• Ampianaro izahay hanaraka ny ohatra tsy misy fitiavan-tena nasehon'i Kristy, amin'ny alalan'ny fanomezana izay ilain'ny olona manodidina anay isan'andro. Omeo anay ny fitaovana ilaina mba hanompoanay amin'ny maha-misiônera ara-pahasalamana, sy mpirotsaka an-tsitrapo eo amin'ny fiarahamonina, ary namana ho an'ny sahirana.

• Tompo ô! Hanenika ny fiangonana amin'ny andro farany anie ny fifohazana ho amin'ny toe-panahy araka Anao tany am-boalohany. Hijoro ho an'ny fahamarinana anie izahay na dia hikoro aza ny lanitra.

• Tahio ireo hetsika ana hetsiny hotanterahina manerana izao tontolo izao mandritra ny taona 2020, ho fanatrarana ny any ivelany. Mivavaka amin'ny fomba manokana izahay ho an'ny ezaka fitoriana ny filazantsara, "Mambra Rehetra Mandray Anjara", any Papouasie-Nouvelle-Guinée, amin'ny May 2020.

• Mivavaka izahay ho an'ireo mpitarika ny tanora maneran-tany, izay mampita amim-pahatokiana ny lovanay amin'ny taranaka manaraka, dia ny *mombamomba anay* ao amin'i Kristy, ny *iraka tanterahina* amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ary ny *fitarihana* ao amin'ny fiangonana eo an-toerana.

• Mivavaka izahay ny hisian'ny batisan'ny Fanahy Masina eo amin'ny tanoranay sy amin'ny mpitarika ny tanora, araka izay ampanantenaina ao amin'ny Asa. 1:8. Ary mivavaka amin'ny fomba manokana izahay mba hirotsahan'ny fitahian'Andriamanitra amin'ireo tanora mandray anjara amin'ny tetikasa "Give Him 20" sy amin'ny tetikasam-bavaka hafa.

• Tompo ô, asehoy anay ny paikady avy Aminao ho fikasihana ireo Jerikôn'izao tontolo izao amin'ny hafatry ny anjely telo sy ho fitarihana ireo Rahaba rehetra amin'ny tanàna rehetra ho amin'ny famonjena ao amin'i Kristy.

• Mangataka Anao izahay mba hanangana mpitarika ny tanora vaovao sy hitahy ny tetikasa fanofanana momba ny fitarihana ireo tanora efa zokiny karakarainay.

• Tompo ô, enga anie ny tanoranay ka tsy hitory teny fotsiny fa mba ho toriteny velona koa. Mangataka Anao izahay, Andriamanitra ô, mba hitahy ny ezaka atao amin'ny Andron'ny Tanora Maneran-tany sy ny tetikasa mampandray anjara ny tanora rehetra.

• Tompo ô, meteza hitarika ireo fanapahan-kevitry ny fiangonana mandritra ny Fivoriambe Fiheveran-draharahan'ny Foibem-pitantanana maneran-tany amin'ny taona 2020 (25 Jona–04 Jolay). Aoka ho feno ny fanahin'ny fifohazana sy ny fitiavana ny solontena sy ny mpitarika ary ny mpitsidika rehetra.

• Tahio ireo Zato Androm-bavaka (27 Martsa–4 Jolay) izay mitarika ho amin'ny Fivoriambe Fiheveran-draharahan'ny Foibem-pitantanana maneran-tany. Arotsahy ny Fanahinao Masina raha mangataka fahendrena sy miandrandra ny fiverenanao tsy ho ela intsony izahay.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## TENY FIKASANA TAKINA MANDRITRA NY VAVAKA

### Teny fikasana momba ny Fanahy Masina

*"Mangataha ranonorana amin'i Jehovah hianareo amin'ny andro fara-orana, dia amin'i Jehovah, Izay manao ny helatra; ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny, samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny"* – Zak. 10:1

*"Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?"* – Lio. 11:13

*"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo (...) Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana"* – Jao. 14:26; 16:8

*"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray. Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako hianareo, dia hataoko izany."* – Jao. 14:12-14

*"Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin'i Jehovah amin'i Zerobabela: Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro"* - Zak. 4:6

### Teny fikasana momba ny valim-bavaka omen'Andriamanitra

*"Raha miray amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany"* – Jao. 15:7.

*"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory"* - Heb. 4:16.

*"Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo, dia ho azonareo izany"* – Mar. 11:24.

*"Antsoy Aho amin'ny andro fahoriana, dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy hianao"* - Sal. 50:15.

*"Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky etỳ ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany"* - Mat. 18:19.

*"Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo"* – Mat. 21:22.

*"Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra amiko amin'ny anarako hanareo, dia hataoko izany"* – Jao. 14:13,14.

*"Ary amin'izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona hianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako izany"* – Jao. 16:23,24.

*"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy"* - 1 Jao. 5:14,15.

**Teny fikasana momba ny herin'Andriamanitra**

*"Fa moa misy zavatra mahagaga izay tsy hain'i Jehovah va? Amin'ny fotoan'andro raha avy ny taona toy izao dia hiverina aminao Aho, ary Saraha hanana zazalahy"* – Gen. 18:14.

*"Jehovah hiady ho anareo, fa hianareo kosa hangina"* – Eks. 14:14.

*"Fa Jesosy nijery azy ka nanao hoe: Raha amin'ny olona dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra"* – Mar. 10:27.

*"Mahatoky Izay miantso anareo, sady Izy no hanefa izany"* – 1 Tes. 5:24.

*"Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra, ary tsy azo ferana ny fisainanao"* - Jôba 42:2.

*"Inona àry no holazaintsika ny amin'izany zavatra izany? Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika?"* - Rôm. 8:31,32.

*"Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina; Moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny?"* - Nom. 23:19.

*"Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, izay namorona ny faran'ny tany? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy; Tsy takatry ny saina ny fahalalany. Mampahatanjaka ny reraka Izy, ary izay kely hery dia omeny hery be. Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia mety ho tafintohina mafy; Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; Elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; Hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; Handeha izy, nefa tsy ho reraka"* - Isa. 40:28-31.

## Teny fikasana momba ny fitarihan'Andriamanitra

"*Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy mahatanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao*" – Jos. 1:9.

"*Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin'izay làlan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin'itỳ tany itỳ; fa tsy handao anao Aho mandra-panaoko izay voalazako taminao*" – Gen. 28:15.

"*Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dàlana sy hitondra anao ho any amin'ny fitoerana izay namboariko*" – Eks. 23:20

"*Kanefa any hianao no hitady an'i Jehovah Andriamanitrao ka hahita Azy, raha mitady Azy amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra*" – Deo. 4:29.

"*Antsoy Aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao*" – Jer. 33:3.

"*Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; aoka ny be havoana ho tonga lembalemba, ary ny tany saro-dàlana ho tonga lemaka*" – Isa. 40:4,5.

"*Hanome saina anao sy hampianatra anao izay làlan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho*" – Sal. 32:8.

"*Ary Jehovah no mandeha eo alohanao; ary Izy no hiaraka aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy; koa aza matahotra na mivadi-po hianao*" – Deo. 31:8.

"*Iza no lehilahy matahotra an'i Jehovah? Izy no hampianariny izay làlana tokony hofidiny*" – Sal. 25:12.

"*Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao*" – Ohab. 3:5,6.

"*Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory hianao, dia hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavanao, ary ny aizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovonana*" – Isa. 58:10,11.

"*Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho; ary raha mbola miteny izy, dia hihaino Aho*" – Isa. 65:24.

## Teny fikasana ho an'ny fo voaova

"*Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy; dia ho oloko izy, ary Izaho kosa ho Andriamaniny; fa hiverina amiko amin'ny fony rehetra izy*" - Jer. 24:7.

"*Dia hoforan'i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon'ny taranakao hitiavanao an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, mba ho velona hianao*" - Deo. 30:6.

"*Ary homeko fo vaovao hianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo hianareo*" - Ezek. 36:26.

"*Ary matoky indrindra aho fa izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy*" - Fil. 1:6.

"*Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo*" - 2 Kôr. 5:17.

"*Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy*" - Gal. 2:20.

"*Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika*" - 1 Tes. 5:23,24

## Teny fikasana momba ny famelan-keloka

"*Raha ny oloko izay nantsoina tamin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny*" - 2 Tant. 7:14.

"*Fa Hianao, Tompo ô, no tsara sady mamela heloka ary be famindrampo amin'izay rehetra miantso Anao*" - Sal. 86:5.

"*Ary raha mitsangana mivavaka hianareo, ka misy olona ananananareo alahelo, dia mamelà ny helony, mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo*" – Mar. 11:25.

"*Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy*" - Efes. 4:32.

"*Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra*" – 1 Jao. 1:9.

"*Avia ary hifandahatra isika, hoy Jehovah: Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo, dia ho fotsy tahaka ny oram-panala, na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza, dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy*" - Isa. 1:18.

"*Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao*" - Isa. 43:25.

"*Fa havelako ny helony, ary tsy hotsarovako intsony ny fahotany*" - Jer. 31:34.

"*Izy no ananantsika fanavotana amin'ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny haren'ny fahasoavany*" - Efes. 1:7.

## Teny fikasana ho an'ny fandresena ny fahotana

"*Fa izay rehetra naterak'Andriamanitra dia maharesy izao tontolo izao; ary ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika*" - 1 Jao. 5:4.

"*Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'Ilay tia antsika*" - Rôm. 8:37.

"*Fa isaorana anie Andriamanitra Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika*" - 1 Kôr. 15:57.

"*Aza matahotra hianao, fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana, fa Izaho no Andriamanitrao; mampahery anao Aho sady mamonjy anao; eny, mitantana anao amin'ny tànana ankavanan'ny fahamarinako Aho*" - Isa. 41:10.

"*Ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga, izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipìka mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy*" - Efes. 6:16.

"*Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy*" - Gal. 2:20.

"*Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony*" - Fil. 2:13.

"*Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo*" - Gal. 5:16.

"*Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika*" - Rôm. 16:20.

"*Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina*" - Rôm. 12:2.

"*Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray*" – 1 Jao. 2:15.

## Teny fikasana momba ny fanasitranana

"*Raha hazoto hihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitrao hianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny, izay nataoko tamin'ny Egyptiana; fa Izaho no Jehovah Izay mahasitrana anao*" - Eks. 15:26.

"*Ho vy sy varahina ny hidinao; ary hifamatra amin'ny andronao ny fiadananao*" - Deo. 33:25.

"*Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko; ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra, izay mamela ny helokao rehetra, izay manasitrana ny aretinao rehetra, izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, izay manarona famindrampo sy fiantrana anao, izay mahavoky soa ny vavanao; ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery*" - Sal. 103:2-5.

"*Aza manao anao ho hendry; matahora an'i Jehovah, ka mifadia ny ratsy. Dia ho famelombelomana ny nofonao izany sy ho fanamandoana ny taolanao*" - Ohab. 3:7,8.

"*Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy; lehilahy ory sady zatra ny fahoriana, ary tahaka izay tsy tian'ny olon-kojerena akory Izy; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika. Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika; kanjo isika kosa nanao azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika, ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika*" - Isa. 53:3-5.

"*Jehovah ô, sitrano aho, dia ho sitrana; vonjeo aho, dia ho voavonjy; fa Hianao no fiderako*" - Jer. 17:14.

"*Fa hotanterahiko ny fanasitranana anao, eny, hositraniko ny faharatranao, hoy Jehovah, noho ny nanaovany anao hoe: ilay noroahina, sy hoe: Ziona tsy misy mpitady ity*" - Jer. 30:17.

"*Dia, indro, hotanterahiko tokoa ny fanasitranana azy, eny, hositraniko izy, ary hasehoko aminy ny haren'ny fiadanana sy ny fahamarinana*" - Jer. 33:6.

"*Ary hiposaka aminareo, izay matahotra ny anarako, ny masoandron'ny fahamarinana, manana fanasitranana ao amin'ny tanany; ary hivoaka hianareo ka hifalihavanja toy ny zanak'omby mifahy*" - Mal. 3:20.

"*Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy; ary raha nanota izy, dia havela ny helony*" - Jak. 5:14,15.

## Teny fikasana momba ny hery hoenti-manao ny sitrapon'Andriamanitra

**"***Miandrasa an'i Jehovah hianao; matokia, ary aoka hahery ny fonao; eny, miandrasa an'i Jehovah*" - Sal. 27:14.

"*Ary tsy ketraka izahay; fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany, dia havaozina isan-andro isan-andro kosa ny toetray anatiny. Fa ny fahorianay maivana, izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra*

*maharitra mandrakariva ho anay, raha tsy mijery ny hita izahay, fa ny tsy hita; fa ny hita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay*" - 2 Kôr. 4:16-18

"*Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika*" - Gal. 6:9.

"*Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'ilay mampahery ahy*" - Fil. 4:13.

"*Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony*" - Fil. 2:13.

"*Nefa hoy Izy tamiko: Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena. Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko*" - 2 Kôr. 12:9.

**Teny fikasana momba ny fijoroana ho vavolombelona ho an'Andriamanitra**

"*Aza matahotra na mangovitra hianareo; Tsy efa nampandre anareo hatramin'ny fahiny va Aho ka nanambara taminareo? Eny, hianareo no vavolombeloko; misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va? Tsia, tsy misy Vatolampy, tsy hitako izany*" - Isa. 44:8.

"*Mitsangàna, mihazavà, fa tonga ny fahazavanao, ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao*" - Isa. 60:1.

"*Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana*" - 2 Kôr. 5:18.

"*Fa hoy Jehovah tamiko: Aza manao hoe: Mbola zaza aho; fa handeha amin'izay rehetra hanirahako anao hianao, ary izay rehetra handidiako anao no hambaranao*" - Jer. 1:7.

"*Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany*" - Asa. 1:8.

"*Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, 'fanjakà-mpisorona, firenena masina', olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'Ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga*" - 1 Pet. 2:9.

"*Fa manamasìna an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana*" - 1 Pet. 3:15

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 1 — NY FILANTSIKA NY FANAHY MASINA

"*Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany*" – Asa. 1:8.

### Fijoroana ho vavolombelona

"*Koa satria io no fomba handraisantsika hery, nahoana no tsy noana sy mangetaheta ny fanomezana ny Fanahy isika? Nahoana no tsy ataontsika anton-dresaka, antom-bavaka sy toriteny izany? Vonona ny hanome ny Fanahy Masina amin'izay manompo Azy ny Tompo, mihoatra noho ny fanirian'ny ray aman-dreny hanome zava-tsoa ho an'ny zanany. tokony handefa fangatahana isan'andro amin'Andriamanitra ny mpiasa tsirairay mba handraisany ny batisan'ny Fanahy isan'andro*" – Vavolombelona Mahery, t. 46.

Mialoha indrindra ny nivoahako avy tao amin'ny sekoly ambaratonga ambony ka hahazoako mari-pahaizana amin'ny teôlôjia, dia novakiko ilay boky mitondra ny lohateny hoe "They Found the Secret" (Nahita ny tsiambaratelo izy ireo), izay nosoratan'i V. Raymond Edman. Miresaka momba ny lehilahy sy vehivavy kristianina roapolo io boky io. Nandalo olana ara-panahy teo amin'ny fiainany ireo lehilahy sy vehivavy ireo, olana izay nitarika azy ireo ho amin'ny fanandramam-piovana tena izy. Narahin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainan'izy ireo izany, taty aoriana. Niova tanteraka izy ireo - ary nitarika olona an-tapitrisany ho eo amin'i Kristy – satria feno ny Fanahy Masina izy ireo.

Raha nandinika ny fiainako aho amin'ny maha-vady sy ray vao ary mpitandrina tsy ho ela intsony ahy, dia nanoratra teny kely tao amin'ilay boky aho: "Mila ny Fanahy Masina koa aho". Nataoko ho laharam-pahamehako ambony indrindra, nanomboka teo, ny hihazona ny fanandramana niainako teo amin'ny fiovam-poko. Nataoko izay nitadiavana ny batisan'ny Fanahy Masina ara-Baiboly tamin'ny alalan'ny fianarana ny Soratra Masina, ny fankatoavana izany, ny fizarana izany, ary ny vavaka.

Tao anatin'ny taona voalohany niasako amin'ny maha-mpitandrina, dia nantsoina mba hamangy ny mpitahiry volan'ny fiangonana aho, izay hita fa voan'ny homamiadana. Nivavaka izahay ary nanosotra diloilo azy aho, araka izay asain'ny Baiboly atao. Taorian'ny andro vitsy dia nitantara tamim-pifaliana izy fa sitrana tanteraka tamin'ny homamiadana nahazo azy! Fantatro avy hatrany fa nihaino ny vavako Andriamanitra,

ary nankasitrahany ny ezaka ataoko mba hivelona ny fiainako ho Azy. Ahoana kosa ny aminao? Mila ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanao ve ianao?

### Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

Nanontany lehilahy roa ambin'ny folo avy any Efesôsy i Paoly indray mandeha izay hoe: "*Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino hianareo?*" – Asa. 19:2. Hoy ireo lehilahy efesianina taminy: "*Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina*".

• Rôm. 8:16 — Hiaiky ny fahotantsika isika rehefa tonga eo amintsika ny Fanahy Masina, dia handray ny fanomezan'ny famonjena amin'ny alalan'i Jesôsy isika. Hanana antoka ny amin'ny famonjena isika satria zanak'Andriamanitra.

• Ezek. 36:25-27 — Hanome antsika saina vaovao sy fo vaovao ny fanatrehan'ny Fanahy Masina. Handresy ny fahotantsika isika ka hahita fitomboana tena izy eo amin'ny toetra.

• Jao. 7:38,39 sy Gal. 5:22,23 — Rehefa feno ny Fanahy Masina isika, dia hikoriana avy amintsika tahaka ny renirano velona ny voan'ny Fanahy Masina, dia ny toetran'Andriamanitra izany.

• Asa. 4:13,31 — Hanosika antsika sy hanome hery antsika mba hizara ny filazantsara amin'ny olona maro araka izay tratra ny fanatrehan'ny Fanahy Masina mitohy.

• Jao. 16:13 — Hangetaheta sy ho tia ny Baiboly isika rehefa mitoetra ao amintsika ny Fanahy Masina; dia hitarika antsika ho amin'ny fahamarinana rehetra Izy. Tsy fahatakarana ara-tsaina ny zava-misy fotsiny io fahamarinana io, fa ny toetran'Andriamanitra mihitsy, izay Fahamarinana.

• Rôm. 8:26,27 — Hanana hery ny vavaka ataontsika rehefa mivavaka ao amin'ny Fanahy Masina isika, dia hahita valim-bavaka mahagaga maro.

Nilaza i Jesôsy fa hisy antokona Kristianina anankiroa mialoha indrindra ny fiverenany (Mat. 25). "*Ary amin'izany ny fanjakan'ny lanitra dia ho tahaka ny virijina folo, izay nitondra ny fanalany ka nivoaka hitsena ny mpampakatra*" - Mat. 25:1. Adala ny virijina dimy ka tsy nanana tahirin-tsolika (ny fanatrehan'ny Fanahy Masina; jereo ny Zak. 4:1-6). Ireo olona izay toa mpanara-dia an'i Jesôsy kanefa tsy tena izy akory no asehon'ireo virijina adala ireo. Olon'ny fivavahana izy ireo fa tsy olona ara-panahy. Koa hoy i Jesôsy tamin'izy ireo: "Tsy fantatro akory ianareo!" Nanana solika betsaka ireo virijina dimy hendry. Feno ny Fanahy Masina izy ireo no sady nanana fifandraisana tena izy tamin'i Jesôsy.

Nitoetra tao Jerosalema ny mpianatra taorian'ny niakaran'i Kristy any an-danitra, ho fankatoavana ny baikony. "*Ary teo an-kianjan'ny tempoly isan-andro izy nankalaza an'Andriamanitra*" – Lio. 24:53. Rehefa tsy tany an-tempoly izy ireo, dia tany

amin'ny efitrano ambony. "*Ireo rehetra ireo niray saina naharitra nivavaka mbamin'ny vehivavy sy Maria, renin'i Jesosy, ary ny rahalahiny*" - Asa. 1:14. Folo andro taorian'izay, dia natao batisa tamin'ny herin'ny Fanahy Masina avokoa izy rehetra (Asa. 2), ary nisy olona telo arivo niova fo tao anatin'ny iray andro tao amin'io toerana iray io!

### Soso-kevitra antom-bavaka

• Manatona ny fanatrehanao amin'ny fisaorana izahay Ray ô, ary miditra eo amin'ny kianjanao amin'ny fiderana. Tsy manana ny teny sahaza hamaritana ny fankasitrahanay Anao sy izay nataonao ho anay izahay. Koa amim-pifaliana sy amim-panetren-tena no ampanarahanay ny fiderana amin'ny maha-olombelona anay amin'ny an'ny anjely tsy nanota, izay mahita mandrakariva fahafinaretana amin'ny fiankohofana Aminao!

• Mitalaho Aminao aho, Andriamanitra ô, ovay ny foko, ary ataovy mahitsy mandrakariva izany. Sasao ho afaka amin'ny fahotako aho, ary omany aho mba handray ny Fanahinao (Sal. 51:7,10).

• Tompo ô, androtsahy fifohazana ahitana toe-panahy araka Anao marina eo amin'ny vahoakanao, dia toe-panahy izay voamariky ny voan'ny Fanahy Masina (Gal. 5:22,23).

• Ataovy batisa amin'ny Fanahy Masina izahay ary omeo hery mba hitorianay ny filazantsara amin'ny tontolo very ao anatin'ny haizina (Asa. 1:5-8).

• Mamindrà fo amin'ny fianakaviako sy amin'ny namako sy amin'ny mpiara-miasa amiko ary amin'ny mpiara-mianatra amiko, Tompo ô. Vonjeo izy ireo, ary aoka ho mpanampy Anao aho eo amin'io tanjona io (Mat. 28:19,20).

• Tahio amin'ny herin'ny Fanahy Masina ny mpitandrina, ny mpampianatra, ny evanjelisitra, ny mpiasan'ny Baiboly, ary ny mpitantana ny fiangonanay (1 Tim. 2:1-4).

• Tompo malala ô, mamindrà fo amin'ireo iharan'ny fanararaotana sy ireo enjehina, ary arovy sy afaho amin'ny tanan'ireo izay mitady hanisy ratsy azy ireo (Sal. 91).

• Tahio ireo hetsika fanatrarana ny any ivelany an-ketsiny maro manerana izao tontolo izao mandritra ny taona 2020. Mivavaka amin'ny fomba manokana izahay ho an'ireo ezaka fitoriana ny filazantsara iarahan'ny mambra rehetra any Papouasie Nouvelle Guinée amin'ny volana May 2020.

• Mivavaka izahay mba hisian'ny fifohazana ara-panahy eo anivon'ny tanora advantista mianatra any amin'ireo sekoly ambaratonga ambony sy Oniversite manerana izao tontolo izao. Enga anie ka ho lasa ambasadaoron'i Kristy mavitrika izy ireo.

• Mivavaka izahay ho an'ireo 69 isanjaton'ny mponin'ny tany izay tsy mbola nahazo fanehoana mazava an'i Jesôsy.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona miisa 62 tapitrisa izay monina any amin'ireo tanàna

valo amby roapolo mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Union Soviétique taloha (Diviziona Eorôpa-Azia).

• Mivavaka izahay ho an'ireo mpitarika tanora maneran-tany izay mampita amim-pahatokiana ny lovanay amin'ny taranaka manaraka: ny mombamomba anay ao amin'i Kristy, ny iraka tanterahinay amin'ny maha-Advantista anay, ary ny fitarihana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana.

• Mivavaka izahay ho an'ireo tanora izay miaina ao anaty loza aman'antambo ho an'ny Tompo ao anatin'ny tetikasa "Herintaona Mamita Iraka" sy ny "Iraka Kaleba".

• Tompo ô, mivavaka izahay ho an'ireo olona fito (na mihoatra) ao amin'ny lisitry ny vavakay tsirairay. Enga anie izy ireo ka hamela ny Fanahy Masina hiasa eo amin'ny fiainany.

• Antom-bavaka eo an-toerana.

### Soso-kevitra hira

Mitadiava hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 2 — NY FILAZANA ATAON'NY FANAHY MASINA

"*Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana*" - Jao. 16:8.

### Fijoroana ho vavolombelona

"Persônina ny Fanahy Masina satria miara-milaza amin'ny fanahintsika Izy fa zanak'Andriamanitra isika. Rehefa entina io filazana io dia entiny miaraka aminy ny porofony. Mino isika amin'izay fotoana izay, ary mahazo antoka, fa tena zanak'Andriamanitra tokoa isika" - Ellen White, Evangelism, t. 616.

Miasa eo amin'ny fiainantsika amin'ny dingana anankitelo ny Fanahy Masina (Jao. 16:8-11). Voalohany, mampiaiky antsika ny fahotantsika Izy mba hitondrana antsika ho eo amin'i Jesôsy. Faharoa, mampiaiky antsika ny fahamarinan'i Kristy Izy, fahamarinana izay ampy hamonjena antsika. Fahatelo, roahiny tsy ho eo amin'ny fiainantsika i Satana sy ny fahotana (Jao. 16:11).

Nanabe ny zanany anankienina (izaho no fahadimy) mba hino an'Andriamanitra sy ny Baiboly ny ray aman-dreniko. Nianaranay fa misy lanitra katsahina sy helo andosirana. Tsy nitady fifandraisana tamin'Andriamanitra na natoky Azy anefa izahay. Nanambady Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ny anadahin-dreniko, dia ny dadatoako. Nanao fanambarana tamin'ny vadiny vaovao i Dadatoa Harold, indray andro izay, fa hoporofoiny aminy avy amin'ny Baiboly fa tsy voatery hitandrina ny Sabata (Sabotsy) izy. Hitany anefa, taorian'ny fandalinana maro, fa ny Sabotsy tokoa no tena Sabatan'ny Baiboly marina. Natao batisa i Harold fotoana fohy taorian'izay ka lasa Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito.

Nizara ny finoany tamin'ny fianakaviany i Harold tamin'ny fotoana sahaza. Niezaka mafy aho, araka izay tratrako, saingy tsy nahita fomba handavana ny fampianaran'ny Baiboly momba ny Sabata. Tsy te hitandrina ny Sabata anefa aho. Fanembantsembanana ny drafitro izany. Rehefa nandeha ny fotoana dia nihalalina tato an-tsaiko sy tato am-poko ny fandresen'ny Fanahy Masina lahatra ahy fa mpanota mivarina ho amin'ny fandringanana aho. Fantatro fa tsy nanaraka an'Andriamanitra aho, ary fantatro fa tsy ho voavonjy aho. Tamin'izay fotoana izay no nisy taratasy tonga avy tamin'i Dadatoa Harold. Tao anatin'izany no nanoritsoritany ny ho endriky ny lanitra, ka ny Baiboly no nampiasainy ho porofony. Nahatsiaro faniriana lalina ny

hanolotra ny fiainako ho an'Andriamanitra aho raha nahare ny famaritany ny lanitra. Dia reko mazava tao am-poko ny feon'Andriamanitra, tahaka ny hoe nisy olona mihitsy nipetraka teo anilako. "Na ianao manolotra ny fiainanao ho Ahy izao ankehitriny izao, na ianao tsy hanao izany mihitsy". Nahatsapa tahotra tao anatiko teo no ho eo ihany aho. Natakaloko ny zavatr'ity tany ity ny lanitra. Nitsangana avy teo amin'ny sezako aho, nankany amin'ny efitranoko, ary nakatoko ny varavarana. Nandohalika teo amin'ny fandriako aho ka nivavaka tamin'ny foko rehetra, ary izay no fotoana voalohany nivavahako. Sahirana nitady izay tena tokony holazaina aho, saingy nivavaka ihany aho nony farany hoe: "Jesôsy malala ô, maniry ho tonga izay anirianao ahy aho. Maniry ny hanao izay tianao hataoko aho, ary maniry ny handeha any amin'izay tianao halehako". Nahatsapa fiovana nanenika ny tenako iray manontolo aho vantany vao notononiko io vavaka io. Afaka ny fahatezerako sy ny fangidiako fahiny, fa nameno ny foko kosa ny fitiavana sy ny fiadanana ary ny fifalian'Andriamanitra. Fantatro fa nandre ny fivavako Andriamanitra, ary fantatro koa izay tsy maintsy hataoko. Nitsangana avy teo amin'ny lohaliko aho, ka nandeha nilaza ny vaovao mahafaly tamin-dreniko: hivelona ho an'i Jesôsy aho ankehitriny ary hanomboka hitandrina ny Sabata. Nirotsaka teo amin'ny takolany ny ranomasom-pifaliana.

Tao anatin'ny andro vitsivitsy dia nanomboka notapahiko avokoa ireo fifandraisana feno fahotana izay nampifamatotra ahy tamin'izao tontolo izao. Nisy olona tsy nahatakatra ny fanapahan-kevitro, ary mbola tsy tena mazava ny lalana eo anoloako. Madio anefa ny feon'ny fieritreretako ka nameno ny foko ny fifaliana! Niara-nianatra tamin'ny mpitandrina advantista teo an-toerana aho, taty aoriana, ka nanomboka takatro tsara misimisy kokoa ny sitrapon'Andriamanitra ho an'ny fiainako. Natao batisa aho nony avy eo ka lasa mambran'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Izany no fanapahan-kevitra tsara indrindra nataoko hatrizay!

## Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

Nanontany lehilahy roa ambin'ny folo avy any Efesôsy i Paoly indray mandeha izay hoe: "*Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino hianareo*?" – Asa. 19:2. Inona no havalinao? Hoy ireo lehilahy efesianina taminy: "*Tsy renay akory fa efa nomena ny Fanahy Masina*".

• Jao. 16:8-11 — Asan'ny Fanahy Masina ny mampiaiky antsika ny fahotantsika sy mitarika antsika ho eo amin'i Jesôsy.

• Rôm. 3:10,23: "*Tsy misy marina na dia iray akory aza, fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitr'Andriamanitra*".

• Rôm. 6:23: “*Fa fahafatesana no tambin’ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin’Andriamanitra ao amin’i Kristy Jesosy Tompontsika*”.
• Jao. 3:16: “*Fa toy izao no nitiavan’Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zananilahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay*”.
• Efes. 2:8,9 - Fahasoavana no namonjena antsika amin’ny finoana, ary tsy avy amintsika izany. Fanomezana avy amin’Andriamanitra izany, fa tsy avy amin’ny asantsika.
• 1 Jao. 5:11-13 — Raha nanaiky an’i Jesôsy amin’ny finoana isika, dia fantatsika fa manana ny fiainana mandrakizay isika.
• Rôm. 8:16 — Ny Fanahy mihitsy no milaza, ka fantatsika fa zanakalahy sy zanakavavin’Andriamanitra isika.

Isan’andro, raha mitodika any amin’i Jesôsy sy mivavaka isika, dia mandray ny famelan-keloka sy ny fahasoavana atolony. Tahaka ny nivoahan’ny zanak’Isiraely isan’andro mba handray ny mana avy any an-danitra, no anavaozantsika isan’andro ny fifandraisantsika amin’i Jesôsy, ilay Mofon’ny fiainana (Jao. 6:58). Amin’ny alalan’ny fanatrehan’ny Fanahy Masina izay manetsika ny fontsika no iaikentsika ny fahotantsika amin’Andriamanitra, sy andraisantsika ny fahamarinan’i Jesôsy ho an’ny tenantsika, ary anampiana antsika hanohitra ny fakam-panahin’ny devoly (Gal. 5:16).

## Soso-kevitra antom-bavaka

• Ray malala any an-danitra ô, fantatro fa mpanota aho. Mitalaho Aminao aho mba hamela ny heloko rehetra, araka izay nampanantenainao fa hataonao (1 Jao. 1:9). Misaotra Anao koa aho satria nampanantena ny hanolotra ahy ny fiainana mandrakizay Ianao raha manaiky an’i Jesôsy ho Mpamonjiko aho. Mifidy an’i Jesôsy aho anio. Tsy andriko izay hiaviany.
• Jesôsy malala ô, maniry aho ny handeha mandrakariva eo amin’ny fanatrehan’ny Fanahy Masina mba hahazoako mamantatra ny fomba fiasan’ny devoly sy ny fanahiny ratsy. Omeo ahy ny herinao mba hahafantarako sy hanoherako ny fakam-panahiny (Jak. 4:7).
• Matoky Anao aho ankehitriny, Tompo ô, ho amin’ny famonjena ahy. Enga anie ka hanana toky ombam-pifaliana aho ka hitarika fanahy very ho eo Aminao ny fiainako.
• Ray malala ô, olona tena maro ao amin’ny fiangonana eto amin’izao tontolo izao no tsy manana afa-tsy fivavahana ihany, fa tsy mahafantatra an’i Jesôsy sy ny fahasoavany mamonjy. Mitalaho Aminao aho mba haniraka ny Fanahinao Masina mba hampanaiky azy ireo ny fahotany sy hitarika azy ireo ho eo amin’i Jesôsy. Ataovy izay hahatonga azy ireo ho reraky ny fombafomba fotsiny. Enga anie izy ireo ka hangetaheta ny tena fanatrehan’Andriamanitra eo amin’ny fiainany.

• Tompo ô, mivavaka ho an'ireo ao anatin'ny fonja ara-panahy sy ara-tsaina, mba hafahana amin'ny fahamelohany sy amin-javatra hafa mamatotra azy izy ireo.

• Tompo ô, mangataka izahay ny mba hananganananao mpianatra "vaudois" amin'izao vanin'andro izao, izay vonona ny hanompo Anao any amin'ireo toerana sarotra iasana.

• Mivavaka izahay ny mba hananganananao misiônera feno fahasahiana mba hiasa eo anivon'ireo vondron'olona miisa 746 any amin'ireo firenena roapolo any Moyen Orient.

• Mivavaka izahay ho an'ny Hetsika Misiônera 1000 any amin'ny Diviziona Avaratr'i Azia-Pasifika sy ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika. Enga anie ireo tanora ireo ka hahazo hery mba hamitany ny asan'Andriamanitra.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona 202 tapitrisa any amin'ireo tanàna 41 mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia-Pasifika, mba hahafantaran'izy ireo an'i Jesôsy.

• Mivavaka izahay ho an'ireo tanora izay miaina ao anaty loza aman'antambo ho an'ny Tompo ao anatin'ny tetikasa "Herintaona Mamita Iraka" sy ny "Iraka Kaleba".

• Tompo ô, mivavaka izahay ho an'ireo olona fito na mihoatra ao amin'ny lisitry ny vavakay tsirairay (tonòny ny anarany raha mety).

• Antom-bavaka ho an'ny fiangonana eo an-toerana.

### Soso-kevitra hira

Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 3 — FANDRESENA AMIN'NY ALALAN'NY FANAHY MASINA

"*Fa hoy izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo hianareo*" - Gal. 5:16.

### Fijoroana ho vavolombelona

"*Tsy nisy na inona na inona izay nifanahaka tamin'ny lainga tsara lahatr'i Satana tao Aminy. Tsy nanaiky ny hanota Izy. Na dia tamin'ny eritreritra aza, dia tsy nilefitra tamin'ny fakam-panahy Izy. Mety ho toy izany koa amintsika. Niray tamin'ny maha-Andriamanitra ny maha-olombelona an'i Kristy. Vonona ho amin'ny ady Izy noho ny fitoeran'ny Fanahy Masina tao Aminy. Ary tonga Izy mba hanaovany antsika ho mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra. Raha mbola miray Aminy amin'ny alalan'ny finoana isika, dia tsy manan-kery amintsika ny fahotana. Mandray ny tanan'ny finoana ao amintsika Andriamanitra, ka tarihiny hamikitra mafy amin'ny maha-Andriamanitra an'i Kristy, mba hahatrarantsika ny fahatanterahan'ny toetra amam-panahy*" – Ilay Fitiavana Mandresy, t. 114

Lehilahy mpiasa mafy i Jerry. Nandany ny ankamaroan'ny androm-piainany amin'ny maha-olon-dehibe azy izy tamin'ny fiasana amin'ny vy, tamin'ny fanamboarana tetezana sy trano avobe. Izy ilay lehilahy izay niakatra tampoka telopolo metatra miala avy eo amin'ny tany amin'ny tariby manify ka mampifandray izany amin'ny tariby iray hafa. Na dia nanan-talenta sy niasa mafy aza i Jerry, dia nampijaly ny vatany tamin'ny toaka, sigara, rongony, vehivavy, ary fiainana ratsy. Rehefa misy lehilahy kristianina mba tafiditra tao amin'ny fiasany, dia nanenjika azy am-bava sy ara-pihetsehampo i Jerry, ka nanantena ny hampiala azy amin'ny asany. Nankahala ny fivavahana kristianina sy ny Kristianina mantsy i Jerry.

Nanomboka voan'ny harerahan-tsaina i Jerry raha nananika ny fahadimampolo taonany. Nanapa-kevitra ny hamarana ny ainy mihitsy izy indray andro izay. Raha nandeha nody tany an-trano izy mba hamono tena, dia nahita famantarana ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito teny amin'ny lalana. Nampitsiry eritreritra tao an-tsainy ny Fanahy Masina: "Angamba afaka manampy ahy izy ireo". Koa nijanona teo amin'ny fiantsonan'ny fiara i Jerry raha nirava ny mpianatra tao amin'ny sekolim-piangonana. Nanatona ny tale izy, ary nimonomonona zavatra hilazana fa mila fanampiana izy. Koa nomen'ilay talen-tsekoly an'i Jerry ny nomeraoko, ka hoy

izy hoe: “Ity ny nomeraon’ny findain’ny pasitoranay. Antsoy izy raha mila fanampiana ianao”. Rehefa niantso ahy i Jerry tamin’io alina io, dia nilaza tamiko fa nanana olana ka nanontany raha toa ka afaka manampy azy aho. Niantso loholona iray aho, dia niaranankany amin’ny tranon’i Jerry teo no ho eo ihany izahay.

Notantarain’i Jerry taminay avokoa ny zavatra rehetra ary nampiany hoe: “Tsy mampino ahy mihitsy hoe tena latsaka ambany dia ambany aho ka hangataka pasitora ho atỳ an-tranoko mihitsy”. Nilaza izy fa nandramany avokoa izay rehetra azon’izao tontolo izao atolotra saingy tsy nahazo fahafaham-po mihitsy izy, ka nanapa-kevitra ny hamarana ny fiainany. Hoy aho: “Jerry, tsy mbola nanandrana ny zavatra rehetra ianao satria tsy mbola nanandrana an’i Jesôsy”. “Marina izany”, hoy izy tamin’ny tsiky feno eso, “Tsy mbola nanandrana an’i Jesôsy aho. Koa inona no tokony hataoko mba hanandramana an’i Jesôsy?” Nozaraiko taminy ny hafatra tsotra ao amin’ny filazantsara, dia nanontaniako izy hoe: “Misy antony tsy anirianao ny handray an’i Jesôsy eo amin’ny fiainanao ve?” Hoy i Jerry: “Tsia, satria hamarana ny aiko aho raha toa ka tsy manao zavatra ho ahy Izy amin’ity alina ity”.

Nanasa an’i Jerry hiara-mandohalika aminay aho, dia nasaiko namerina ny vavaka notononiko izy. Vantany vao niteny hoe “Amena” izahay, dia nosintonin’i Jerry ny tanako ka hoy izy: “Hitanao ve iny teo?” “Inona izany?” hoy aho nanontany. “Vantany vao niteny aho hoe ‘Amena’ ka nanokatra ny masoko aho dia nahita lehilahy nisidintsidina teo ambonin’ny lohako, izay nanana endrika ratsy tokoa teny amin’ny tavany. Rehefa izay dia nandositra avy teo amin’ny tafon-trano izy. Minoa ahy ianareo!” “Mino ny teninao aho, ry Jerry a”, hoy aho. “Manao ahoana ianao izao?” Hoy izy rehefa avy nandinika fotoana fohy: “Mahazo aina aho, tena mahazo aina. Tsy nahatsapa nahazo aina tahaka izany aho nandritra ny fotoana ela tokoa, ary tsy haiko koa aza raha mba nisy fotoana nahazoako aina tahaka izany. Fa inona no nitranga tamiko?” Hoy aho nanazava: “Jerry, nangataka an’i Jesôsy hiditra eo amin’ny fiainanao sy hamela ny helokao fotsiny ianao. Monina ao am-ponao Izy ankehitriny. Niezaka nanao izay hamarananao ny ainao ilay fanahy ratsy hitanao teo, saingy noroasin’i Jesôsy izy”.

Nisy hafaliam-be nameno ny tranon’i Jerry tamin’io alina io, ary lehibe tokoa izany ka tsy nahita tory izy. Nisavasava ny tranony izy ka nesoriny avokoa ny toakany sy ny rongoniny sy ny gazetiny ary ny zavatra hafa rehetra izay hitany fa voapentimpahotana. Nataony tao anaty harona plastika avokoa izany rehetra izany ary naleviny tao anaty lavaka amin’ny halalina mirefy roa metatra, tao amin’ny tanimbolikeliny. Nankany amin’ny mpivarotra zana-kazo izy ny ampitso ka nividy hazo hambolena eo ambonin’ny

zavatra rehetra naleviny. Rehefa tonga hitsidika azy aho dia nasehony tamiko ilay hazo ka hoy izy hoe: "Pasitora ô, maneho ny fiainako io lavaka ao ambanin'ny tany sy io hazo vaovao io. Voalevina ao ambany ao ilay Jerry fahiny, ary maneho an'i Jerry vaovao ity hazo fihinam-boa vaovao ity satria mivelona fiainana vaovao aho ankehitriny!"

## Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

• Jao. 16:8-11 — Asan'ny Fanahy Masina ny mampanaiky antsika ny fahotantsika sy ny mitarika antsika ho eo amin'i Jesôsy.
• Ezek. 36:25,26 — Mampanantena antsika Andriamanitra fa hanome antsika fo vaovao sy saina vaovao ary fiainana vaovao.
• 2 Kôr. 5:17 — Raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy. Efa lasa ny zavatra taloha.
• Jao. 8:36 — Tena ho afaka tokoa ianao amin'ny alalan'i Jesôsy Kristy.
• 1 Tes. 4:3 — Sitrapon'Andriamanitra ny handresenao ny fahotana.
• Rôm. 6:14 — Tsy hanapaka anao intsony ny fahotana.
• Mat. 5:29,30 — Misaraha amin'olona rehetra sy amin-javatra rehetra izay mitarika anao ho amin'ny fahotana.
• Rôm. 12:21 — Soloy olona sy zavatra tsara ny olona sy ny zavatra ratsy.
• Gal. 5:19-26 — Azo ampileferina amin'ny alalan'ny voan'ny Fanahy ireo fanirian-dratsin'ny nofy.

Isan'andro, raha mitodika any amin'i Jesôsy sy mivavaka isika, dia mandray ny famelan-keloka sy ny fahasoavana atolony. Tahaka ny nivoahan'ny zanak'Isiraely isan'andro mba handray ny mana avy any an-danitra, no anavaozantsika isan'andro ny fifandraisantsika amin'i Jesôsy, ilay Mofon'ny fiainana (Jao. 6:58). Amin'ny alalan'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina izay manetsika ny fontsika no iaikentsika ny fahotantsika amin'Andriamanitra, sy andraisantsika ny fahamarinan'i Jesôsy ho an'ny tenantsika, ary anampiana antsika hanohitra ny fakam-panahin'ny devoly (Gal. 5:16).

## Soso-kevitra antom-bavaka

• Tompo malala ô, fantatro fa sitraponao ny handreseko ny fahotana rehetra amin'ny herinao. Koa miangavy Anao aho mba hameno ahy amin'ny Fanahinao Masina sy hitari-dalana ahy ho amin'ny marina rehetra (Jao. 16:13).
• Mananatra an'i Satana sy ny fanahiny ratsy eo amin'ny fiainako aho, amin'ny anaran'i Jesôsy sy amin'ny alalan'ny rany. Koa miangavy Anao aho, Tompo ô, mba handroaka ny devoly hiala eo amin'ny fiainako sy ny tranoko. Aoka ny fahamarinana sy ny marina irery ihany no hitoetra miaraka amiko.

• Ray malala ô, vontosy amin'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina ny fiainako. Aoka hikoriana amin'ny alalako ny heriny mba hahafahako miasa amin'ireo mbola voageja ao anatin'ny fahotana. Ento eo amin'i Jesôsy izy ireo, dia mba ho rava ny fatorany.

• Tompo ô, ampio izahay mba handefitra sy halemy fanahy, ka haneho ny fitiavanao sy ny fangorahanao amin'ireo izay manorisory na miampanga anay.

• Mivavaka izahay ho an'ireo izay mikarakara ny mpianakavy efa zokiolona sy/na marary. Omeo faharetana sy tanjaka ary fitiavana izy ireo.

• Tompo ô, aoka Ianao hanamaivana ny tebitebin'ireo izay miatrika aretina amin'ny dingana farany mialoha ny fahafatesana. Omeo ny herim-po sy ny fiadanan'i Jesôsy izy ireo.

• Mivavaka izahay ho an'ny Departemantan'ny Sekoly Sabata sy ny Asa Fitoriana ao amin'ny fiangonana tsirairay raha mikatsaka ny fikasan'Andriamanitra, sy manatratra ny fiarahamoniny amin'ny fanompoam-pitiavana, fampianarana Baiboly, ary fijoroan'ny tena manokana ho vavolombelona izy ireo.

• Mivavaka izahay ny hisian'ny batisan'ny Fanahy Masina eo amin'ny tanoranay sy amin'ny mpitarika tanora, araka izay ampanantenaina ao amin'ny Asa. 1:8. Ary mivavaka amin'ny fomba manokana izahay mba hirotsahan'ny fitahian'Andriamanitra amin'ireo tanora mandray anjara amin'ny tetikasa “Give Him 20” sy amin'ny tetikasam-bavaka hafa.

• Tompo ô, asehoy aminay ny paikady avy Aminao ho fikasihana ireo Jerikôn'izao tontolo izao amin'ny hafatry ny anjely telo sy ho fitarihana ireo Rahaba rehetra amin'ny tanàna rehetra ho amin'ny famonjena ao amin'i Kristy.

• Tahio ireo Zato Androm-bavaka (27 Martsa–4 Jolay) izay mitarika ho amin'ny Fivoriambe Fiheveran-draharahan'ny Foibem-pitantanana maneran-tany. Arotsahy ny Fanahinao Masina raha mangataka fahendrena sy miandrandra ny fiverenanao tsy ho ela intsony izahay.

• Tompo ô, mivavaka izahay ho an'ireo olona fito na mihoatra ao amin'ny lisitry ny vavakay tsirairay (tonòny ny anarany raha mety).

• Antom-bavaka ho an'ny fiangonana eo an-toerana.

## Soso-kevitra hira

Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 4 — NY BATISAN'NY FANAHY MASINA

"*Ary raha niara-niangona teo aminy Jesosy, dia namepetra azy tsy hiala any Jerosalema, fa 'hiandry ny teny fikasan'ny Ray, izay efa renareo tamiko', hoy Izy; 'fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa hianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy'*" – Asa. 1:4,5.

### Fijoroana ho vavolombelona

"Rehefa nandray ny batisan'ny Fanahy Masina ianareo, dia ho takatrareo misimisy kokoa ny fifaliana amin'ny famonjena, mihoatra noho ny fahafantaranareo azy nandritra ny androm-piainanareo hatreto" - Ellen White, Manuscript Releases, b. 5, t. 231.

Nitsidika lehilahy iray teo ambavahoan'ny fahafatesana noho ny aretina tsy azo sitranina intsony aho. Nivavaka aho ary niezaka nampahery azy tamin'ny fitiavana sy ny fahasoavan'Andriamanitra. Rehefa nandao ny fonenany anefa aho, dia tohina mafy noho ny fahatsapako fa tsy manan-kery aho manoloana ilay toe-javatra – ary toa tsy manan-kery koa ny Kristianina maro manoloana izany. Raha nampitahaiko tamin'ny fiainako sy ny fiainan'ny Kristianina hafa ny fiainan'ireo Kristianina tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao, dia hitako fa mahazendana ny fahasamihafana. Koa nanapa-kevitra aho, vokatr'iny fitsidihana iny, fa handalina amim-pahamalinana ny lohahevitra momba ny Fanahy Masina ao amin'ny Baiboly. Nahavita nandalina andalan-teny 273 tamin'ny fiteny fototra aho tamin'izany. Miresaka mivantana momba ny asan'ny Fanahy Masina ireo andalan-teny ireo. Ankoatra izay, dia nahita mihoatra ny andalan-teny 2000 miavaka tsara avy tao amin'ny asasoratr'i Ellen White momba io lohahevitra io ihany aho.

Tao amin'ny fandalinana ny Baiboly nataoko no nahitako ny batisan'ny Fanahy Masina. Nanova ny fiainan'i Petera sy Paoly sy izay rehetra nandray ny Fanahy Masina tamin'ny fahafenoany io fanandramana io. Na i Jesôsy aza dia nomen'ny Fanahy Masina hery, satria nitoetra tao amin'ny toeram-pandrafetana foana Izy hatramin'ny fotoana nidinan'ny Fanahy Masina taminy tamin'ny endriky ny voromailala. Koa nanomboka nanao ny asan'i Mesia Izy taorian'ny nilatsahan'ny Fanahy Masina Taminy.

Ao amin'ireo tantara ao amin'ny Baiboly isika dia mahita mandrakariva porofo manambara fa narotsaka ny herin'ny Fanahy Masina. Indray Zoma alina izay, teo ho eo amin'ny folo ora, dia niantso ny reniny ny zanakay vavy valo taona. Raha nankany

amin'ny zanakay ny vadiko, izaho kosa dia nanapa-kevitra ny ho ao amin'ny biraoko mba hivavaka. Nahatsapa ny fanatrehan'i Jesôsy niditra tao an-trano aho rehefa nivavaka. Koa nanomboka niresaka tamin'ny Tompo tamin-kafanam-po sy tamin-ketaheta ny fanatrehan'ny Fanahiny Masina eo amin'ny fiainako aho. Tsy ela dia hitako teo ambaravaran'ny fiangonako i Jesôsy, nametraka tamim-pitiavana ilay tanany voafantsika teo an-tsoroky ny mambran'ny fiangonana tsirairay, niaraka tamin'ny endrika feno fahasoavana sy fandraisana tsara. Hoy i Jesôsy nanontany ahy: "Tianao ve ireo oloko ireo?" Azoko nolazaina fa tena tiako izy ireo, saingy tsy maintsy niaiky aho fa nisy vitsivitsy tamin'izy ireo izay sarotra notiavina tamin'ny fomba manokana. Nanomboka nikoriana ny ranomasoko raha niaiky ny fahotako aho. Rehefa izay dia hitako nijoro teo amin'ny polipitra izay nitoriako teny isan-kerinandro ny tongotr'i Jesôsy voafantsika. Hoy i Jesôsy: "Maty Aho mba hahafahako mamela heloka sy mamonjy ny olona eto amin'izao tontolo izao. Moa ve ianao mitory ny filazantsara isan-kerinandro miaraka amin'ny fitiavana miredareda ireo fanahy very?" Azoko lazaina fa faniriako ny hitory ny filazantsara amin'ny fahamehana ny hamonjy ny very, saingy nahatsiaro tena tsy mendrika ny fanatrehan'i Jesôsy aho. Nikoriana ny ranomasoko raha niaiky ny fahotako tamin'i Jesôsy aho. Rehefa izay dia hitako indray ny satro-tsilo nasatroko an-tery teo amin'ny handriny. Nandre an'i Jesôsy niteny aho hoe: "Nanetry ny tenako hatramin'ny fahafatesana teo amin'ny hazo fijaliana aho. Mitady dera sy sitraka avy amin'ny olona ve ianao?" Azoko lazaina fa tsy nitady dera avy tamin'ny olona aho, saingy niaiky tamindranomaso aho fa nitolona tamin'ny fireharehana. Nahatsapa tena tsy mendrika sy tsy azo ekena hahazo ny fanatrehany aho, ka vao mainka nipatrapatraka ny ranomasoko. Tampotampoka teo dia nesorin'i Jesôsy ny fitafiany, ka hitako ny lanivoany izay voatrobaky ny lefona. Hoy Izy: "Tsy mba holaviko mihitsy izay manatona Ahy". Rehefa izay dia tsapako tamin'ny fahafenoany ny fitiavan'ny Tompo sy ny fanekeny ahy, satria tsy mbola tsapako mihitsy izany hatrizay hatrizay. Fantatro fa voavela ny heloko, ary fantatro fa nekeny aho. Nianoka tao anatin'izany fanambarana izany aho raha nandre ny vadiko nanomboka nidina ny tohatra. Nijery ny famantaranandro aho: tamin'ny misasakalina tamin'izay. Toa tahaka ny minitra vitsy ny ora roa. Tsy vonona ny hitantara izay nitranga aho, ka niverina tany am-pandriana ary ny lamosiko no natodiko tany amin'ny varavarana mba tsy hahitan'ny vadiko hoe tsy matory aho.

Hoy izy nanontany ahy, raha niditra tao amin'ny efitrano: "Fa inona no nitranga taminao?" Hoy aho: "Inona no tianao hambara?" Dia hoy indray izy: "Fantatro fa nisy zavatra nitranga taminao. Toa manana izany tsindrimandry izany aho. Inona no

nitranga?" Koa notantaraiko taminy ny zavatra rehetra, dia nivoaka hankany amin'ny efitra fandraisam-bahiny teo no ho eo ihany izy, mba hivavaka samirery koa. Reko ny fitalahoany tamin'Andriamanitra, ny mba hitahiana azy koa.

Ny ampitso, Sabata, dia tsapako ny herin'Andriamanitra raha nitory teny aho. Olona maro no nandray fanapahan-kevitra hanolo-tena ho an'i Kristy tamin'io andro io. Taorian'izay dia nisy lehilahy iray nanontany hoe: "Pasitora ô, nisy zavatra nitranga taminao ve omaly alina?" Gaga aho ka niteny hoe: "Nahoana no manontany izany ianao?" Hoy izy: "Fantatro fa nisy zavatra nitranga taminao omaly alina. Nahita tara-pahazavana teny amin'ny tavanao aho nandritra ny fotoana rehetra nitorianao teny". Rehefa notantaraiko taminy ny zavatra nitranga, dia hoy izy: "Azo antoka tokoa fa namangy anao ny Tompo". Olona 37 no nanolotra ny fiainany ho an'i Jesôsy tamin'io taona io. Olona an-jatony no nanapa-kevitra ho an'i Kristy tamin'ireo taona taorian'io alina io. Hoderaina mandrakizay anie ny Tompo Jesôsy!

### Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

• Lio. 3:21,22 — Taorian'ny batisany, dia nangataka ny hilatsahan'ny Fanahy Masina Aminy i Jesôsy.

• Asa. 1:5-8 — Hahazo hery ianao rehefa milatsaka aminao ny Fanahy Masina.

• Asa. 2:1-4 — Dia feno ny Fanahy Masina izy ireo ka nanomboka niteny tamin'ny fiteny samihafa.

• Asa. 4:31 — Nahazo hery ny fiangonana voalohany raha nivavaka ny hilatsahan'ny Fanahin'Andriamanitra aminy izy ireo.

• Asa. 8:15-17 — Natao batisa tao anaty rano tamin'ny anaran'i Jesôsy izy ireo, saingy nila koa ny Fanahy Masina.

• Lio. 11:11-13 — Ny batisan'ny Fanahy Masina dia omena ho an'izay rehetra mitady Azy amin'ny alalan'ny vavaka.

• Asa. 5:31,32 — Homena ho an'izay rehetra vonona ny hankatò ny Fanahy Masina.

### Soso-kevitra antom-bavaka

• Ray malala ô, mitalaho Aminao aho mba hanao batisa ahy amin'ny Fanahy Masina mba hiainako sy hitiavako ho Anao amim-pahombiazana.

• Faniriako lalina, Tompo Jesôsy ô, ny hanehoako tsara Anao amin'izao tontolo izao. Koa omany ny foko mba handray ny Fanahy Masina sy hizara ny fitiavanao amin'ny olona eo amin'ny fiainako.

• Tariho ho amin'ny marina rehetra aho mba hanaovako mandrakariva ireo zavatra izay

ankasitrahana eo imasonao. Aoka ny Fanahinao Masina haneho amiko izay tianao ho fantatro sy izay tianao hozaraiko. Aoka ho avy amin'ny fonao ny faharesen-dahatro sy ny andraikitro, fa tsy avy amin'ny fironako feno fitiavan-tena.

• Mivavaka izahay mba hahatsiarovan'ireo olon-tianay izay nandao ny finoana ny hamamin'ny fiarahana taminao, sy hanirian'izy ireo fatratra ny ho tafakambana Aminao indray. Ampio izy ireo hahatsapa sy handray ny fitiavanao sy ny famelan-keloka avy Aminao.

• Andriamanitra ô! Mangataka ny fiarovanao ireo misiônera izay miasa any amin'ny toerana mety hampidi-doza izahay.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona 16 tapitrisa any amin'ireo tanàna mikatona indrindra amin'ny filazantsara any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo. Mivavaka izahay ny mba hisian'ny batisan'ny Fanahy Masina isan'andro eo amin'ny mambra raha manatratra amim-pitiavana ireo mbola tsy nandray ny filazantsara izy ireo.

• Mivavaka izahay ny mba hanampian'ny Fanahy Masina anay hahay hanatratra ireo olona 406 tapitrisa any amin'ireo tanàna 105 mikatona indrindra amin'ny filazantsara, any amin'ny Diviziona Avaratr'i Azia-Pasifika.

• Mitalaho Aminao izahay ny mba hitahiana ny Sampana "Aumônerie" raha manetsika ireo "aumôniers" sy ireo mambra liana mba hiasa any amin'ireo voafonja izany sampana izany.

• Tompo ô, mivavaka izahay ho an'ireo olona fito na mihoatra ao amin'ny lisitry ny vavakay tsirairay (tonòny ny anarany raha mety).

• Antom-bavaka ho an'ny fiangonana eo an-toerana.

## Soso-kevitra hira

Mifidiana hira mifandraika amin'ny lohahevitra

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 5 — NY VOKATRY NY FANAHY MASINA

"*Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po; tsy misy lalàna manohitra izany*" – Gal. 5:22-23.

### Fijoroana ho vavolombelona

"Hita miharihary fa novolen'ny Fanahy Masina tao am-po ny fahamarinana rehefa tiana sy ankamamiana ary raisina ho toy ny fanomezana masina. Rehefa izay dia hiboiboika ao am-po tahaka ny loharano velona ny fitiavana, izay miboiboika ho fiainana mandrakizay. Tsy hahafantatra ny harerahana eo am-panaovana ny asan'i Kristy ny mpiasa rehefa mitoetra ao am-po io fitiavana io" – Ellen White, Review and Herald, b. 3, t. 121, 13 Feb 1894.

Nisy diakona tao amin'ny fiangonana iray, izay fantatra ho lehilahy mahasoa sy manana hery miasa mangina. Nanana olana goavana teo amin'ny toetrany anefa izy io, ary ny vadiny sy ny zanany ihany no nahafantatra izany. Raha tany am-piasana na ao anatin'ny fialam-boly miaraka amin'ny hafa, dia izy no lehilahy mahafinaritra indrindra irinao mba hihaona aminao. Rehefa any an-trano anefa dia matetika no maneho toetra tsy zaka izy. Lasa mora tezitra sy kizitina izy. Indraindray dia mirehitra mafy ny fahatezerany, ka lasa manampatra fahefana eo amin'ny fihetsehampo ary manafay mafy ny zanany izy.

Fantatr'io diakona io tsara ny zavatra nilainy. Halany mihitsy ny tenany noho io firehetan'ny fahatezerany any an-trano io. Tsapany fa zavatra hafa no lazainy eo imasom-bahoaka, saingy hafa ny fiainany tany an-trano. Nisy fotoana nahatsapany fa tokony hanatrika fiofanana momba ny fifehezana ny hatezerana izy, saingy natahotra ny vokatra hateraky ny fiaikena ny olany amin'ny fiangonana izy. Fantany koa fa tokony hanatona mpanolotsaina izy, saingy naharikoriko azy ny nieritreritra hoe hanarama olona mba hihaino azy. Nampihataka azy tamin'ny fanampiana nilainy ny avonavony. Lehilahy mpivavaka izy fa tsy lehilahy ara-panahy – nila niova fo izy ary nila ny fanatrehan'ny Fanahy Masina mitoetra eo amin'ny fiainany.

Indray fararano izay dia nisy mpitoriteny iray tonga tao an-tanàna ka nanatanteraka famelabelarana momba ny fifohazana. Nanatrika ny famelabelarana tsirairay ilay diakony noho ny andraikiny ao am-piangonana, na dia tahaka ny vato aza ny

fony. Nisy vavaka betsaka nialoha ireo famelabelarana ireo, ka nanetsika ny fo tamin'ny fomba mahagaga ny Fanahy Masina. Nisy vehivavy iray nanavao ny fifandraisana tamin'i Jesôsy ary niaiky ampahibemaso ny fahotany, ka nangataka ny vavaky ny fiangonana sy ny fanohanany. Vehivavy tsy kristianina iray, izay nanatrika ny famelabelarana niaraka tamin'ny namany, no nanolotra ny fiainany ho an'i Jesôsy. Fiainana maro no niova raha nandroso teny anoloana ny olona mba hamaly ireo antso isan-kariva.

Indray takariva, tany ho any amin'ny fiafaran'ny famelabelarana rehetra, dia nijoro ilay diakona rehefa nisy antso natao. Tamin-dranomaso teo amin'ny takolany no nandrosoany niaraka tamin'ny olona hafa izay namaly ny antson'Andriamanitra niantefa tamin'ny fony. Nandohalika teo anoloan'ny fiangonana izy, nanandratra ny tanany, ary niteny mafy hoe: "Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko satria mpanota aho!" Gaga ireo olona izay nahafantatra ilay diakona raha nandre azy nanao vavaka tahaka izany ampahibemaso. Tsy izany fotsiny ihany anefa no nitranga. Nitsangana ilay diakona, nitodika tany amin'ny mpivory izy, ary niteny hoe: "Manana olana goavana amin'ny fahatezerana aho. Tsy ilay vady sy ray tokony ho izaho aho. Mila miaiky ny fahotako aho, mila mitady fanampiana, mba ho tahaka ny toetra izay heverinareo rehetra fa ananako ampahibemaso no ho toetrako rehefa ao an-tokantrano". Tamin'io fotoana io dia nanatona sy nitangorona nanodidina azy ny vady aman-janany, sady nitomany no namihina ny vadiny sy ny rainy. Nanodidina azy koa ny mambran'ny fiangonana, nametraka ny tanany teo amin'ny sorok'ilay lehilahy ny mpitandrina, ary nanatanteraka fotoam-bavaka tsy nisy ohatra izany izy rehetra tamin'io alina io!

Nahatoky tamin'ny teniny ilay lehilahy. Nahita mpanolotsaina izy noho ny fanampian'ny mpitandrina, ary nanomboka nanatrika fiofanana momba ny fifehezana ny fahatezerana koa. Ary ny lehibe indrindra, dia nanomboka nanao fianarana Baiboly isan-kerinandro niaraka tamin'ny mpitandrina izy, tsy ny mba hahatakarana ireo foto-pinoana anefa, fa mba hikatsahana fifandraisana marina amin'i Jesôsy. Nitahy ilay diakona ny Fanahy Masina ary nanomboka nameno azy tamin'ny vokatry ny Fanahy. Tsy ny vady aman-janany ihany no nahita ny fiovana teo aminy, fa ny mambran'ny fiangonana sy ny fiarahamonina koa. Vita fihavanana ilay diakona. Lasa lehilahy malala-tanana kokoa izy. Hitan'ny rehetra miharihary ny fahalemem-panahiny sy ny fitiavany, indrindra manoloana ny vady aman-janany. Nanova ny fonenan'ilay diakona ho sombin-danitra kely eto an-tany ny fifaliana sy ny fitahiana avy amin'i Jesôsy, izay noraisiny tamin'ny alalan'ny fitoeran'ny Fanahy Masina tao aminy.

## Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

• Gal. 5:19-23 — Ny asan'ny nofo dia hofongoran'ny vokatry ny Fanahy Masina: fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po.

• Jao. 13:35 — Ny fitiavana asehontsika no hahafantaran'ny olona fa tena Kristianina isika.

• 1 Pet. 1:8 — Hanandrana fifaliana tsy hay tononina isika.

• Fil. 4:7 — Hiaro ny fontsika sy ny hevitsika ny fiadanan'Andriamanitra.

• 2 Kôr. 3:18 — Ovana hahazo ny endrik'i Jesôsy isika noho ny herin'ny Fanahy Masina.

• Jao. 7:38 — Hisy reniranon'ny rano velona hiboiboika avy ao am-pontsika.

## Soso-kevitra antom-bavaka

• Jesôsy malala ô, maniry ny haneho ny toetrao amin'ny olona rehetra fantatro sy amin'izay rehetra mifanena amiko aho. Fenoy ny Fanahinao Masina aho, ary aoka hamirapiratra avy ato am-poko ny vokatry ny Fanahy.

• Ampio aho mba ho Kristianina marina kokoa ao an-tokantranoko, mihoatra noho ny any an-toeran-kafa rehetra. Enga anie ireo izay mahafantatra ahy indrindra no afaka hahita Anao indrindra eo amiko.

• Ataovy tonga reniranom-pitahiana aho raha mizara ny fitiavanao sy ny fifalianao ary ny fiadananao amin'ny tontolo misy ahy.

• Raha manokana fotoana ho amin'ny fivavahana sy ny fianarana ny Baiboly aho, dia miangavy Anao mba hanao batisa ahy hatrany hatrany amin'ny Fanahy Masina. Aoka hisy tahirim-pahasoavana tsy manam-pahataperana avy Aminao hikoriana avy amin'ny alalako ho amin'ity tontolo maratra ity.

• Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko, eny miderà ny anarany masina. Hameno ny fanahiko anie ny fifaliany!

• Andriamanitra ô, meteza hamelombelona ny fon'ireo olona ao anatin'ny asa fanompoana izay mahatsiaro ho reraka. Ampahatsiahivo azy ireo fa manao ny sitraponao izy. Raha sitrakao, aoka izy ireo hahita ny vokatry ny asany, na dia fanahy iray ihany aza izany.

• Andriamanitra ô! Mahatsiaro ny mpampianatra Sekoly Sabatanay izahay. Ampahafantaro azy ireny ny lanjan'ny asa ataony ho an'ireo zanakay.

•Andriamanitra ô! Mitady ny fitarihanao izahay ho an'ireo ivontoerana marobe, ny tetikasa momba ny fahasalamana sy ny fianakaviana, ary ny fikambanan'ny Mpisavalalana manerana izao tontolo izao.

• Tompo ô, mba asehoy anay ny fomba hampielezana boky mirakitra ny fahamarinana maro kokoa (vita pirinty sy elektrônika) amin'ireo manodidina anay. Mivavaka izahay mba hamakian'ny olona izany sy handresen'ny Fanahy Masina lahatra azy ireo amin'ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly.
• Mitalaho Aminao izahay mba hanangana mpampiely boky evanjelisitra, mpianatra mpirotsaka an-tsitrapo, mpanoratra, matihanina momba ny haino aman-jery, ary mpanohana ara-bola mba hampiely ny tenim-panantenana sy fiainana.
• Tompo ô, mivavaka izahay ho an'ireo olona fito ao amin'ny lisitry ny vavakay tsirairay. Meteza hiasa mahery eo amin'ny fiainan'izy ireo. Mitaky ny hanatanterahanao ny 1 Jao. 5:16 izahay.
• Antom-bavaka ho an'ny fiangonana eo an-toerana.

## Soso-kevita hira

Mifidiana hira mifandraika amin'ny lohahevitra.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 6 — NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FANAHY MASINA

"*Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra. Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa*" - 1 Kôr. 12:4-7.

### Fijoroana ho vavolombelona

"Ny fanatrehan'ny Fanahy Masin'Andriamanitra no manomana mpiasa, lahy sy vavy, ho tonga mpiandry ny ondrin'Andriamanitra. (…) Hitombo ireo izay mino io Mpanampy avy any amin'Andriamanitra io [ny Fanahy Masina]. Homena hery izy ireo mba hampitafiany ny hafatry ny fahamarinana amin'ny fahatsarana masina" - Ellen White, Gospel Workers, tt. 96,97.

Naneno ny telefônina tao amin'ny biraoko any Alabany, Oregon. "Ny Pasitoran'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ve izao?" hoy ny feom-behivavy iray nanontany. "Eny tompoko, izy ity", hoy aho namaly. "Tsy maintsy mankaty amin'ny hôpitaly haingana ianao. Manana marary iray izahay ato, izay voan'ny fitepon'ny fo tena tsy ara-dalàna. Matahotra izahay fa mety ho faty izy, saingy tsy avelany hanao na inona na inona izahay raha tsy efa mivavaka ho azy ny pasitora avy ao amin'ny fiangonana Advantista. Mbola manizingizina ihany izy ato fa ho sitrana izy raha toa ka mivavaka ho azy ny pasitora avy ao amin'ny fiangonana Advantista. Mba tongava haingana re!"

Raha namily ny fiara hankany amin'ny hôpitaly aho, dia nivavaka hoe: "Tompo ô, manahy kely ihany aho ny amin'io famangiana io. Mbola miteny amin'ny olona rehetra ihany ilay vehivavy fa ho sitrana izy raha mivavaka ho azy ny pasitora avy ao amin'ny fiangonana advantista. Fantatsika anefa fa tsy mifidy mandrakariva ny hanasitrana olona Ianao. Inona no holazain'ireo mpitsabo mpanampy sy mpitsabo ireo raha toa ka tsy hanasitrana io vehivavy io Ianao?" Toa namaly ahy ny Tompo hoe: "Inona no mampiahiahy anao e?" "Matahotra ny amin'ny lazanao aho", hoy aho. Dia toa niteny ny Tompo hoe: "Raha azoko tsara ny resakao, dia hoe matahotra ny amin'ny lazako ianao?" "Eny e,", hoy aho nanohy, "Tsapako fa toa adaladala izany, fa ny tena tiako tenenina dia hoe inona no holazain'ny olona, inona no holazain'ilay vehivavy, raha toa ka tsy manasitrana azy Ianao?" Hoy ny Tompo tamin'ny foko: "Andraikitrao ny mankatò, ary andraikitro ny miaro ny lazako". "Marina izany", hoy aho. "Matoky aho fa hanao izay fantatrao fa tsara indrindra Ianao".

Nifanena tamin'ny mpitsabo mpanampy efatra teo ivelan'ny efitranon'ilay marary aho rehefa tonga tany amin'ny hôpitaly. "Ianao ve ilay pasitora advantista?" hoy ny mpitsabo mpanampy iray nanontany ahy. "Midira haingana ao ianao, dia mivavaha mba hahafahanay manao zavatra!" Efa fantatro araka ny anarana nomen'ilay mpitsabo mpanampy ahy fa tsy mambra tao amin'ny fiangonako na tao amin'ny fiangonana hafa manodidina io marary io. Nanontany tena aho hoe nahoana izy no nanizingizina ny hoentin'ny pasitora advantista am-bavaka, saingy tsy fotoana hanombohana resaka tamin'izay. Naneho fitepon'ny fo tsy ara-dalàna ny milina mpanara-maso ny fitepon'ny fony. Fantatro fa tao anatin'ny olana goavana izy. Nankeo an-doham-pandriany aho ka nandray ny tanany ankavanana. Nitodika kely izy, nanokatra ny masony, ary nanontany hoe: "Ianao ve ilay pasitora advantista?" "Eny", hoy aho. "Fantatro fa ho sitrana aho raha hivavaka ho ahy ianao", hoy izy.

Tsy fotoana tokony hanaovana toriteny na fampianarana ara-Baiboly momba ny vavaka ho an'ny marary tamin'izay. Koa nanontany tsotra aho hoe: "Ranabavy, vonona ny hamela an'i Jesôsy hanapa-kevitra ny amin'izay hitranga eto anio ve ianao?" "Eny pasitora a", hoy izy, "saingy fantatro fa ho sitrana aho raha hivavaka ho ahy ianao!" Koa nakimpiko ny masoko ka nangataka ny Tompo any an-danitra aho mba haneho ny heriny sy ny famindrampony amin'ity vehivavy ity. Nangataka Azy aho mba hankalaza ny anarany eo anatrehan'ny mpitsabo mpanampy sy ny mpitsabo tao amin'ny hôpitaly, ka mba ho fijoroana ho vavolombelona ho an'ny olona maro ny fahasitranan'ilay vehivavy. Nangataka ny Tompo aho mba hanasitrana azy raha toa ka izany no sitrapony, raha toa ka hitondra voninahitra ho an'ny anarany izany, ary raha toa ka ho amin'ny mahasoa indrindra ilay vehivavy izany. Nofaranako tamin'ny anaran'i Jesôsy ny vavaka ary hoy aho hoe: "Amena". Nosokafako ny masoko ary nojereko ny milina mpanara-maso ny fitepon'ny fony, ka hitako fa naneho fitempo tonga lafatra izany! Noraisin'ilay vehivavy tamin-kery ny tanako, ka hoy izy: "Mahatsiaro salama aho. Sitrano aho! Fantatro fa ho salama aho raha toa ka mivavaka ho ahy ny pasitora advantista!"

Tsaroako ny fomba niatrehan'i Jesôsy ny fanandramana tahaka izao teo amin'ny fiainany, ka hoy aho: "Ranabavy, ny finoanao no nahasitrana anao!" Nisaotra an'Andriamanitra aho ary nivoaka ny efitrano. Hoy ilay mpitsabo mpanampy: "Afaka miditra amin'izay ve izahay?" Hoy aho hoe: "Eny, saingy tsy mieritreritra aho hoe mbola mila anareo izy". Nivandravandra ny mason'izy ireo, ka nirohotra faingana nankao amin'ilay efitrano izy ireo. Tsy fantatro izay nitranga taorian'izay satria lasa aho. Tsy tiako hijery ahy ho toy ny nahasitrana ilay vehivavy ireo mpitsabo mpanampy na ilay vehivavy. Fanomezam-pahasoavana hoenti-mahasitrana narotsaky ny Fanahy Masina ho an'io vehivavy io tamin'iny fotoana iny izany.

### Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

• 1 Kôr. 12:9 — Voafaritra ao ny fanomezam-pahasoavana hoenti-mahasitrana. Manana fomba maro hanasitranana olona ny Tompo, ary maniry ny handrotsaka ny herin'ny fanasitranany amin'ny alalan'ny olony Izy.

• Efes. 4:11-13 — Maniry ny hanolotra fanomezam-pahasoavana maro ho an'ny olony ny Fanahy Masina. Manana drafitra ho anao koa Andriamanitra.

• Lio. 5:17 — Tsy maintsy manatrika eo ny herin'Andriamanitra mba hahasitrana.

• 1 Kôr. 14:1,13 — Maniria ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy ary mivavaha mba hahazoanao izany.

• Apôk. 1:10 — Afaka mandre an'Andriamanitra amin'ny fomba vaovao sy matanjaka isika rehefa mirotsaka amintsika ny Fanahy Masina.

### Soso-kevitra antom-bavaka

• Inty aho, Tompo ô, ampiasao ho amin'ny fanompoana Anao aho. Fenoy ny Fanahinao aho ary omeo ny fanomezam-pahasoavana avy Aminao.

• Jesôsy malala ô, maniry ny hitondra fiovana eto amin'izao tontolo izao ho Anao aho. Tsy afa-po amin'ny fipetrahana fotsiny ao am-piangonana aho. Omeo ahy amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana izay fidinao ho ahy ny herin'ny Fanahinao, mba hahafahako mandresy ny herin'ny fahotana eto amin'izao tontolo izao.

• Tompo ô, ampitomboy amin'ny alalan'ny fianarana sy fiofanana sy fanandramana ary vavaka ny fanomezam-pahasoavana anananay. Atokanay ho anao ny talentanay rehetra ary mangataka amim-panetren-tena izahay mba hanampianao izany amin'ny fitahianao mahagaga mba handrosoan'ny filazantsara amin-kery.

• Mivavaka izahay ho an'ireo sekoly advantista mihoatra ny 8000 izay ahitana mpianatra eo ho eo amin'ny roa tapitrisa. Enga anie ireo sekoly ireo ka hampianatra mandrakariva ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly sy hitarika ny tanora ho amin'ny iraka sy ny fanompoana.

• Tompo ô, omeo fahendrena izahay mba hanatratra ireo kolontsaina lahika tsy mba liana amin'ny fivavahana. Aoka ny Fanahinao Masina handrava ny rindrina manodidina ny fo tsy liana amin'ny fivavahana.

• Mivavaka ho an'ireo vondron'olona tsy Kristianina any Azia izahay. Omeo fahendrena miavaka izahay mba hanomezanay izay ilainy.

• Tompo ô, taomy ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerana izao tontolo izao mba hivavaka mihoatra noho izay natao tamin'ny lasa rehetra. Enga anie izahay ka hiara-mitalaho ny hirotsahan'ny ranonorana farany amin'ny Fanahy Masina. Mangataka

Aminao izahay ny mba hahatanterahan'ny Joe. 2 sy Hos. 6 ary ny Asa. 2, araka izay efa nampanantenainao.

• Asehoy anay ny fomba anomezana ny zavatra ilain'ireo mpitsoa-ponenana eo amin'ny lafiny ara-batana sy ara-panahy. Enga anie ny fiangonanay ka ho fantatra noho ny fitiavanay ny olona rehetra, na iza izany na iza ary na avy aiza na avy aiza.

• Mivavaka ho an'ireo vondron'olona miisa 541 any amin'ny firenena 18 any amin'ny Diviziona Atsimon'i Afrika sy ny Ranomasimbe Indianina izahay. Meteza hitarika azy ireo ho amin'ny fahamarinana ara-Baiboly.

• Tompo ô, mivavaka izahay ho an'ireo olona fito na mihoatra ao amin'ny lisitry ny vavakay tsirairay (tonòny ny anarany raha mety).

• Antom-bavaka ho an'ny fiangonana eo an-toerana.

## Soso-kevitra hira

Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 7 — MIVAVAKA AO AMIN'NY FANAHY MASINA

"*Mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra*" - Efes. 6:18.

### Fijoroana ho vavolombelona

"Manao fanelanelanana tsy ankiato ho an'ny olombelona i Kristy, Mpanalalana antsika, sy ny Fanahy Masina, saingy ny Fanahy Masina dia tsy manao fanelanelanana ho antsika tahaka ny ataon'i Kristy izay maneho ny rany, nalatsaka hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao. Miasa ao am-pontsika ny Fanahy Masina, ka mampipololotra vavaka sy fibebahana, sy fiderana sy fisaorana. Ny fankasitrahana mipololotra avy eo amin'ny molotsika no vokatry ny fanendren'ny Fanahy Masina ny fanahy ao anatin'ny fahatsiarovana masina, ka manainga ny feon-kiran'ny fo" - Ellen White, SDA Bible Commentary, b. 6, t. 1077.

Fihaikana ny fivavahana. Tsy mahita an'Andriamanitra isika, ary ny ankamaroantsika dia zara raha mandre an'Andriamanitra, ary mety tsy mbola nandre Azy mihitsy koa aza. Tsy afaka mikasika Azy isika, ary matetika no toa sarotra ny mahazo valim-bavaka. Manana fanontaniana maro momba ny fomba fiasan'ny vavaka koa isika, na ny antony toa tsy mampandaitra izany.

Tsaroako ny fomba fivavako raha tanora aho ka nitombo ny fahaverezan-kevitro. Matetika aho no resin-tory (raha eo am-pivavahana, ny loha miondrika ary ny maso mikimpy), ary indraindray dia nivezivezy amin'ny lisi-javatra nilaiko natao ny saiko fa tsy niresaka tamin'ny Tompo. Zava-miafina tamiko ny hira tahaka ny hoe "Ora mamy ivavahana". Ahoana no ahafahan'ny olona iray mivavaka mandritra ny ora iray? Izaho anefa zara raha mahavita mivavaka mandritra ny dimy ambin'ny folo minitra. Misy fanadihadiana iray tokoa mantsy maneho fa amin'ny kapobeny dia manodidina ny 7-10 minitra isan'andro ny fotoana lanin'ny mpitandrina amin'ny vavaka! Nahatsiaro ho meloka aho. Amin'ny zavatra rehetra tokony hanoloran'ny mpitandrina tena, dia ny vavaka no manan-danja indrindra amin'izy rehetra.

Tonga tamin'ity andalan-teny ity aho raha nandinika lalina ny lohahevitra momba ny Fanahy Masina: "*Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny*

*fitarainana tsy azo tononina*" - Rôm. 8:26. Tsy takatro tamin'ny fahafenoany io andininy io tamin'izany fotoana izany, saingy hitako mazava tsara fa hanampy ahy eo amin'ny fivavahana ny Fanahy Masina. Izany eritreritra tokana izany ihany dia efa nanomboka nanova ny fiainam-bavako. Nampanantena Andriamanitra fa hanampy ahy hivavaka, ka nanomboka nitaky izany fampanantenana izany tamin'ny foko rehetra aho. Notakiko ilay fampanantenana rehefa nitady ho rendremana aho. Notakiko ilay fampanantenana rehefa nivezivezy ny saiko. Nihatsara tsikelikely ny kalitaon'ny vavaka nataoko sy ny habetsaham-potoana nolaniko tamin'ny vavaka. Raha nandany fotoana maro kokoa tamin'ny vavaka koa aho, dia nihatsara na voatohitra ireo fihaikana natrehiko, ary nisy fahagagana nanomboka nitranga. Tsy haiko ny manazava azy, fa ohatra ny marina ity: manan-danja tahaka ny kalitaon'izay lazaintsika ny fotoana lanintsika amin'ny vavaka. Na dia mbola fihaikana aza ny vavaka indraindray, dia hitako fa mandeha haingana kokoa ny fotoana, ary tsy manana olana amin'ny faharendrehana na amin'ny fivezivezen'ny saina aho. Fantatro fa mandre ny vavaka ataoko Andriamanitra, ary fantatro fa hamaly amin'ny fotoana sy fomba mety Aminy indrindra Izy. Koa raha ny Baiboly no jerena, ny hoe mivavaka ao amin'ny Fanahy dia midika hoe manao ezaka mba hanatsarana ny fotoam-bavatsika no sady matoky fa hanentana antsika sy hanome hery antsika ny Fanahy Masina.

**Hevitra mahasoa mba hanatsarana ny fiainam-bavakao:**

• Mivavaha amin'ny alalan'ny Soratra Masina. Mamakia andinin-tSoratra Masina ka manaova vavaka amin'ny Tompo momba izay vao novakinao.

• Mampiasà hira. Mirakitra vavaka maro ny fihirana sy ny bokin-kiram-pivavahana hafa. Ampiasao ireny vavaka ireny mba hanampy anao hahafantatra izay tianao hambara. Fomba iray ivavahana ny fihirana.

• Mivavaha ao amin'ny toerana misy rivotra tsara sy tsy misy zavatra manelingelina.

• Manaova diarim-bavaka. Olona maro no tia manoratra ny vavaka ataony ka hitany fa manampy azy hampazava ny eritreriny sy hilaza ny ao am-pony tsara kokoa izany.

• Mitadiava namana hiara-mivavaka, izay azonao iarahana mivavaka mivantana na amin'ny alalan'ny finday.

• Manatreha fivoriam-bavaka (any am-piangonana na any an-tranon'olona) na mamoròna fivoriam-bavaka.

• Ataovy lisitra ny zavatra ilainao resahina amin'Andriamanitra.

## Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

• Joda 20 — Mampiorina ny finoantsika amin'ny alalan'ny fivavahana ao amin'ny Fanahy Masina isika.

• Efes. 6:18 — Mivavaha ao amin'ny Fanahy amin'ny karazam-pivavahana sy ny fangatahana rehetra.

• Lio. 6:12 — Nandany ny alina manontolo tamin'ny vavaka i Jesôsy.

• Lio. 11:11-13 — Tonga amintsika ny Fanahy Masina ho valin'ny vavaka ataontsika.

• 1 Tim. 2:1 — Ny vavaka no zavatra manan-danja indrindra azontsika atao.

• Lio. 22:43 — Hampahatanjaka ny vavaka ataontsika ny fanampian'Andriamanitra, tahaka izay nataony tamin'i Jesôsy.

• Gen. 32:24 — Nitolona tamin'Andriamanitra i Jakôba. Indraindray dia toa asa mafy ny vavaka.

• Lio. 18:1 — Hotahina isika raha toa ka maharitra ao anatin'ny fivavahana kanefa tsy kivy.

• Zak. 12:10 — Haidina amintsika sy amin'ny ankohonantsika ny Fanahin'ny fahasoavana sy ny fifonana.

## Soso-kevitra antom-bavaka

• Ray malala ô, ataovy tonga olon'ny vavaka aho ary ampiasao aho mba ho fitahiana ho an'ireo olona eo amin'ny fiainako. Arotsahy amiko ny Fanahinao Masina ary omeo hery aho.

• Tompo ô, roahy i Satana sy ireo fanahy ratsy izay te hangeja ahy. Omeo fandresena amin'ny fahotako amin'ny alalan'ny herin'ny ranao aho.

• Meteza hamonjy ny zanakay sy ny zafikelinay. Iraho ny anjely rehetra azon'ny lanitra atolotra mba hitarika azy ireny ho amin'ny fiainana mandrakizay. Ravao ny herin'i Satana amin'izy ireny; ampio izy ireo hahita ny fahatsaranao, ary omeo fanahin'ny fibebahana izy ireny.

• Tahio ka omeo fanahin'ny fivavahana ny pasitora, ny mpampianatra, ny evanjelisitra, ary ny mambra rehetra manerana izao tontolo izao. Enga anie ny feo mitambatry ny vahoakanao ka hiakatra any an-danitra toy ny fiderana sy fifonana mahery vaika.

• Tompo ô, mangataka ny fiarovanao ny ankizy sy ny tanora marefo izahay. Arovy amin'ireo izay mitady ny hanararaotra azy izy ireny.

• Mangataka Aminao izahay mba hanangana misiônera any an-drenivohitra izay hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona miisa 806 any amin'ny firenena 20 any amin'ny Diviziona Inter-Eorôpeanina.

• Meteza hanangana tafika mpiasa mba hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona miisa 948 any amin'ny firenena 38 any amin'ny Diviziona Inter-Amerikanina.

• Tompo ô, meteza hitarika ireo fanapahan-kevitry ny fiangonana mandritra ny fivoriana fiheveran-draharahan'ny foibem-pitantanana maneran-tany amin'ny taona 2020. Aoka ho feno ny fanahin'ny fifohazana sy ny fitiavana ny solontena sy ny mpitarika ary ny mpitsidika rehetra.

• Asandratray amim-bavaka ireo anarana fito nosoratanay amin'ny karatray. Ampanakaikezo Anao ireo olona ireo, Tompo ô.

• Antom-bavaka ho an'ny fiangonana eo an-toerana.

## Soso-kevitra hira

Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 8 — FILEFERANA AMIN'NY FANAHY MASINA

"*Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Hahazo famelan-keloka ny olona amin'ny ota sy fitenenan-dratsy samy hafa rehetra; fa tsy hahazo famelan-keloka ny olona amin'ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina*" - Mat. 12:31.

### Fijoroana ho vavolombelona

"Tsy misy olona voatery handray ny ota amin'ny Fanahy Masina ho toy ny zava-miafina sy tsy hay faritana. Ny ota amin'ny Fanahy Masina dia ny fiziriziriana handa tsy hamaly ny fanasana hibebaka" - Ellen White, SDA Bible Commentary, b. 5, t. 1093.

Indraindray na ny olona feno ny Fanahy aza dia manao fahadisoana. Samy nanana kileman-toetra na i Abrahama na i Mosesy na i Davida na i Petera, ary samy nahita tsy fahombiazana raha nandalo tao anatin'ny oran'ny fakam-panahy izy ireo. Na i Jesôsy aza dia nalaim-panahy (Mat. 4), na dia tsy lavo na oviana na oviana tao anatin'ny ota aza Izy.

Koa tsy hoe satria mandeha amin'ny Fanahy isika amin'izao fotoana izao dia tsy hanao fahadisoana intsony. Ilaintsika koa ny mahafantatra fa tsy mitovy ny hoe fahadisoana sy ny hoe fanamafisana ny fontsika ao anatin'ny ota.

Nisy vehivavy iray lasa mafy fo sy mora kivy ary mora tezitra raha nananika ny taom-pahalehibeazana. Tsy mba nandefitra tamin'ny hafa izany mihitsy izy, afa-tsy tamin'ireo namany efa taloha. Rehefa nisy mpamangy tonga tao amin'ny fiangonana dia matetika izy no nanao fanamarihana nanafintohina momba ny zanak'izy ireo na ny fitafiany na momba ny zavatra hafa. Tafintohina noho ny fitsikerana henjana ataony ny mambra vao vita batisa sy ny mambra hafa. Tena kivy loatra ny sasany hany ka tsy niverina tany am-piangonana izy ireo. Tena tsy fantatro mihitsy ny momba izany raha tsy tamin'ny fivorian'ny loholona indray mandeha izay. Nanontany ny loholona aho raha toa ka fantatr'izy ireo ny antony tsy niverenan'ny olona tany am-piangonana. Nanondrika ny lohany ho fahanginana ny maro. Nony farany dia nisy loholona iray niteny hoe: "Pasitora ô, misy ramatoa iray ao amin'ny fiangonantsika ao izay tsy mahafehy ny lelany mihitsy. Manaratsy sy mitsikera saika ny olona rehetra izy. Izany no antony tsy mampiverina ny olona ho ao amin'ny fiangonantsika". "Hafiriana no efa nitrangan'izany?" hoy aho nanontany. "Efa taona maro izay", hoy ny navalin'ny olona. "Maninona no tsy nisy olona nanao zavatra ny amin'izany?" hoy indray aho nanohy ny resaka. "Nisy pasitora

anankiroa efa nanandrana niresaka taminy, saingy tsy misy fiovana mihitsy". "Tsy afaka ny hitohy izany zavatra izany", hoy aho, "ka izao no soso-kevitro. Handeha hamangy io ramatoa io aho, dia hangataka azy mba hanova ny fitondran-tenany ao anatin'ny roa herinandro. Raha tsy vonona ny hiova izy, dia hoentina eo anatrehan'ny fivorian'ny kômity manaraka ny anarany mba handraisana fepetra. Hanohana ahy amin'izany ve ianareo loholona?" Samy nanohana ilay drafitra ny loholona rehetra.

Koa nanao fandaminana mba hamangiana ilay ramatoa aho. "Fantatro ny antony ahatongavanao aty", hoy izy rehefa nipetraka tao amin'ny efitrano fandraisany vahiny aho. "Fantatrao ve?" hoy aho namaly. "Eny tokoa", hoy izy nanohy ny teniny, "tonga atỳ ianao mba hiresaka momba ny fomba firesako amin'ny olona". "Tena marina izany", hoy aho, "saingy ahoana no ahafantaranao izany?" "Satria efa nisy pasitora anankiroa tonga taty an-tranoko mba hiresaka momba izany zavatra izany". "Nanatsara zavatra ve izany?" hoy aho nanontany. "Tsia, tsy nanatsara zavatra", hoy izy. "Fa nahoana", hoy indray aho nanontany. "Satria manan-jo hilaza izay eritreretiko indrindra aho, saingy tena mora tohina loatra ny olona. Tsy mba afenimpeniny ny fihetsehampony fa asehony miharihary mihitsy".

Niresaka momba ny fitondran-tena aho ka nampiasa andininy tahaka ny Efes. 4:29-31, saingy mbola tsy vonona ny hiova ihany ilay vehivavy. Nivavaka tao am-poko aho no sady niteny hoe: "Manana roa herinandro ianao mba hanovana ny fitondran-tenanao, raha tsy izany dia voatery aho hitondra ny anaranao eo anatrehan'ny kômitim-piangonana mba handraisana fanapahan-kevitra. Manohana ahy amin'izany avokoa ny loholohna rehetra". "Tsy hanao izany ianao!" hoy izy. "Tena hanao izany tokoa aho raha tsy hoe manapa-kevitra ny hanova ny fomba firesakao amin'ny olona ianao". "Tsy mino aho hoe hanohana anao amin'izany ny loholona", hoy izy. "Efa manohana izy ireo, ary afaka manontany azy ireo mihitsy ianao raha tianao izany, fa izany no izy", hoy aho. Nahatonga ilay vehivavy ho sina sy handinika tsara tamim-pahanginana io fanambarana io. Koa hoy aho tamim-pahalemem-panahy: "Tia anao avokoa izahay rehetra ary maniry anao ho isan'ny fiangonanay, saingy tsy maintsy ovana io fitondran-tenanao io".

Tsy tonga tany am-piangonana izy ny Sabata manaraka. Nisintasintaka tamiko ny namany. Fantatro fa voakasik'ilay toe-javatra avokoa izy rehetra. Ny Sabata manaraka, nialoha indrindra ny nahataperan'ny fe-potoana roa herinandro nomena azy, dia tonga tany am-piangonana izy. Nankeny aminy aho mba hiarahaba azy. Hentitra ny endriny, saingy noraisiny ny tanako ary nohazoniny mafy. Hoy izy: "Pasitora ô, nandinika ny zavatra rehetra noteneninao aho. Tiako ho fantatrao fa hitako mazava tsara izao

fa diso aho nandritra izay taona maro izay. Manantena aho fa hamela ahy ianao, ary mieritreritra ny hangataka famelan-keloka amin'ny loholona sy ny mambra rehetra koa aho. Ho vehivavy hafa aho, miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra". Namirapiratry ny ranomaso ny masony raha nanao izany fiaikena izany, ary faly aho milaza fa nahatoky tamin'ny teniny izy. Nanomboka niverina tao amin'ny fiangonana ny olona, ary nitombo haingana ny mambra.

## Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

• Mat. 12:31,32 — Fanalana tsiny ny ota sy fakana ny toeran'Andriamanitra no atao hoe fitenenan-dratsy (Mar. 2:7-11; Jao. 10:33).

• Heb. 6:4-6 — Mbola mety miala amin'i Jesôsy ny olona efa tena niova fo.

• Heb. 4:7 — Ny fotoana tsara indrindra hankatoavana ny feon'ny Fanahy Masina dia ny fotoana andrenesanao Azy voalohany miresaka aminao.

• Asa. 7:51 — Aza manohitra ny fitarihana sy ny fampitandremana ataon'ny Fanahy Masina.

• Lio. 13:34 — Atolory an'i Jesôsy ny fiainanao dieny mbola tsy tratra aoriana loatra, tahaka izay nitranga tamin'i Jerosalema malalany.

## Soso-kevitra antom-bavaka

• Ray malala ô, enga anie aho ka hihaino mandrakariva ny feonao. Mamelà ny heloko tamin'ny fotoana rehetra izay nahamafy hatoka ahy. Sokafy ny masoko sy ny sofiko mba hamantarako ny sitraponao ary omeo hery aho mba hankatoavako izany.

• Jesôsy malala ô, mamelà ny heloko noho ny fahoriana nianjady taminao rehefa tsy vonona ny hiala tamin'ny fahotako aho. Aza esorina amiko ny Fanahinao Masina ary ampilefero ny foko mba handray ny toromarika avy Aminao.

• Meteza hamela ny heloky ny fiangonanay noho ireo fotoana izay tsy nihainoanay ny feonao tao amin'ny Baiboly. Ampio izahay fiangonana mba hanadio ny tenany ho afaka amin'ny fahotana ary avereno ho aminay ny fanatrehan'ny Fanahinao.

• Amorony fo madio izahay, Andriamanitra ô; ary havaozy hiorina marina ny fanahinay ao anatinay. Aza manary anay hiala eo anatrehanao; ary aza manaisotra ny Fanahinao Masina aminay. Ampodio aminay ny fifaliana amin'ny famonjenao; ary tohàny fanahy mazoto izahay. Dia hampianatra ny olon-diso ny làlanao izahay; ary ny mpanota hampiverenina aminao (Sal. 51).

• Ray ô! Mangataka ho an'ireo mizaka ny vokatry ny toe-javatra na fehezin'ny fiankinan-doha izahay. Vahao ny fatorana mangeja azy ireo! Hamerina azy ireo Aminao anie izahay amin'ny alalan'ny fitiavanay sy ny fiheveranay azy ireny.

• Ampianaro anay ny fomba hitoriana ireo foto-pinoan'ny fiangonana amin'ny fomba mazava sy tia karokaroka ary araka ny Baiboly. Enga anie ka ny fitiavan'i Kristy no ho ivon'ny zavatra rehetra inoanay.

• Mangataka Anao izahay mba hanomana tanora hanangana fiangonana ho an'ireo vondron'olona 789 any amin'ireo firenena sivy ao amin'ny Diviziona Avaratr'i Amerika.

• Mangataka Anao izahay mba hanangana misiônera ara-pahasalamana mba hanorina fiangonana eo amin'ireo vondron'olona 830 any amin'ireo firenena iraika ambin'ny folo ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Atsinanana.

• Mangataka Anao izahay mba hanangana miaramilam-bavaka mba hivavaka ho an'ireo vondron'olona 2568 any amin'ireo firenena efatra ao amin'ny Diviziona Atsimon'i Azia.

• Mangataka Anao izahay mba hanangana mpitarika ny tanora vaovao sy hitahy ny tetikasa fanofanana momba ny fitarihana ireo tanora efa zokiny karakarainay.

• Misaotra Anao, Ray ô, noho ny fanirahanao ny Fanahy Masina mba hanova ireo olona fito ao amin'ny lisitry ny vavakay.

• Antom-bavaka ho an'ny fiangonana eo an-toerana.

## Soso-kevitra hira

Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 9 — NY ASAN'NY FANAHY MASINA

"*Rehefa afaka izany, dia hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nidina avy tany an-danitra, nanana fahefana lehibe; ary ny tany nohazavain'ny voninahiny (…) Ary nahare feo iray koa avy tany an-danitra aho nanao hoe: Mialà aminy hianareo, ry oloko, mba tsy hiombonanareo ota aminy, ary mba tsy hisy hahazo anareo ny loza manjo azy*" – Apôk. 18:1,4.

### Fijoroana ho vavolombelona

"Ny asan'ny Fanahy Masina ao anaty no tena ilaintsika indrindra. Tena Andriamanitra amin'ny fiasany sy ny fisehoany ny Fanahy. Tian'Andriamanitra hanana ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy ianao. Amin'izay dia hiasa amin-kery tsy mbola tsapanao hatrizay mihitsy ianao. Hanaraka anao mandrakariva ny fitiavana sy ny finoana ary ny fanantenana. Afaka mandroso amim-pinoana ianao, sady mino fa manaraka anao ny Fanahy Masina" - Ellen White, Evangelism, t. 299.

Indray andro any dia hisy fifohazana goavana eo amin'ireo vahoakan'Andriamanitra marina manerana ny tany rehetra. Hidina amin-kery lehibe ny Fanahy Masina. Ampitovina amin'ny fara orana izay nirotsaka tany Moyen Orient tamin'ny andron'ny Baiboly io fihetsehan'ny Fanahy Masina io. Nahamasaka ny vokatra ka nitarika ho amin'ny fijinjana izany (Zak. 10:1). Indray andro any dia hivoaka hizara ny finoany amin'ny fomba rehetra ny vahoakan'Andriamanitra. Hisy fahagagana hotanterahina amin'ny alalan'i Kristy. An'arivony, eny angamba an-tapitrisany, no ho voavonjy. Ny hamonjy ny very no asan'ny Fanahy Masina, ary tsy misy fifaliana lehibe mihoatra noho ny fiombonana amin'izany asa izany.

Sambany tamin'izay indray Sabata izay no nahatongavan'i Lance sy i Renae vadiny tao amin'ny fiangonanay. Nisy olona namela ny boky hoe Fianarana Baiboly ho an'ny Tokantrano teo an-tokonam-baravarany. Noho ny toe-javatra sasany teo amin'ny fiainan'izy ireo, dia nanapa-kevitra ny hijery izay tian'ilay boky hambara i Lance sy i Renae. Namadibadika ilay boky izy ireo, ka tsikariny ny lohahevitra momba ny Sabata, izay tena nisarika ny fahalianan'izy ireo tokoa. Nianaran'izy ireo tamim-pahamalinana aoka izany io fizarana io ka resy lahatra izy ireo fa nilainy ny hitady ny fiangonana izay nanonta io boky io. Tsikaritr'izy ireo fa ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito no nanonta izany, ka notadiaviny ny fiangonanay ary notsidihiny ny Sabata manaraka. Nihazona Fianarana Baiboly ho an'ny Tokantrano i Lance ka nanontany hoe: "Manonta

ity boky ity ve ny fiangonanareo?” “Eny, manonta io izahay!” hoy aho namaly. “Tsara izany”, hoy i Lance nanohy, “Manana fanontaniana maro izahay. Mety afaka mankany an-tranonay ve ianareo mba hampianatra Baiboly anay?” Mazava loatra fa nanome toky azy ireo aho fa tena faly tokoa hanao izany.

Rehefa namangy azy ireo aho, dia fantatro tamin’izany fa naniry ny hahita fiovana goavana teo amin’ny fiainan’izy ireo i Lance sy i Renae sy ny zanany mirahalahy. Lasa rembin’ny fiankinan-doha amin’ny toaka sy ny zava-mahadomelina izy ireo, ka nisy fiantraikany tena ratsy teo amin’ny fanambadian’izy ireo izany. Fantatro fa nila ny hery manafaka avy amin’i Jesôsy izy ireo. Raha nitory ny filazantsara aho, no sady nangataka tsy ankiato tao am-poko ny fanampian’Andriamanitra, dia hitako ny Fanahy Masina nandresy lahatra mafy azy ireo. Nanontany azy ireo aho rehefa vita ny fampianarako azy ireo ny filazantsara, nanao hoe: “Misy antony tsy hanoloranareo ny fiainanareo ho an’i Jesôsy ve?” Namaly izy ireo fa ho tena faly amin’ny famelan-keloka sy ny famonjen’i Jesôsy. Nandohalika sy nivavaka avy hatrany izahay, ary notarihiko tao anatin’ny vavaka fiaiken-keloka sy fanekena an’i Jesôsy ho Tompo sy Mpamonjy izy ireo. Tamin-dranomaso no namerenan’izy ireo ny vavaka nataoko, ary tamin-kafaliana indray no nitsangananay avy teo. Hita miharihary ny fahagagana sy ny herin’ny Fanahy Masina. Zanak’Andriamanitra izy roa ankehitriny.

Rehefa tonga tamin’ny fotoanay isan-kerinandro manaraka aho, dia zara raha nahavita dingana anankitelo ho ao amin’ny efitrano fandraisam-bahiny aho raha nanontany avy hatrany i Lance hoe: “Pasitora ô, ahoana ny hevitrao momba ny fifohana sigara? Zavatra tokony hataon’ny Kristianina ve izany, raha ny hevitrao?” Koa nanoso-kevitra aho ny hianaranay ny lohahevitra momba ny fomba fiainana mahasalama tamin’io alina io, ary nataonay tokoa izany. Afaka tamin’ny fatorana izay nanandevozan’i Satana azy i Lance sy i Renae, vokatr’io fianarana Baiboly io sy ny famangiana taorian’izay. Natao batisa izy ireo fotoana fohy taorian’izay, ka lasa mpanampy mahery vaika teo amin’ny asan’i Kristy, nizara ny fijoroany ho vavolombelona sy nampianatra Baiboly ny fianakaviany sy ny namany. Nanomboka niombona amin’ny asan’ny Fanahy Masina koa izy ireo, amin’ny alalan’ny fampielezana ny filazantsara amin’ireo rehetra manodidina azy. Fahagagana re izany!

### Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

• Mat. 28:19,20 — Tsy maintsy manao izay rehetra azony atao mba hampielezana ny filazantsaran’ny famonjena ny mpanara-dia an’i Jesôsy rehetra.

• Jao. 16:13 — Ho voataona ho amin'ny fahamarinana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ny olona rehefa miasa ny Fanahy Masina.

• Asa. 4:29-31 — Nangataka an'Andriamanitra ny fiangonana voalohany mba hameno azy ireo amin'ny Fanahy Masina mba hahafahany mitory ny Tenin'Andriamanitra amim-pahasahiana.

• Efes. 4:11,12 — Ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina dia natao mba hanomezana fitaovana ny Kristianina ho amin'ny asa fanompoana sy ho amin'ny fampandrosoana ny fiangonana.

• Asa. 9:36-42 — Ny tanjon'ny fahagagana dia ny mba hananan'ny olona porofo inoana an'i Jesôsy.

• Mar. 16:15-18 — Mandehana any amin'izao tontolo izao, sitrano ny marary, torio ny hafatra, ary asehoy amin'ny olona rehetra ny toetr'Andriamanitra.

• Isa. 6:8 — Inty aho, Tompo ô. Iraho aho.

## Soso-kevitra antom-bavaka

• Ray malala any an-danitra ô, ataovy tonga mpanomponao aho ary ampio mba hizara ny hafa-pitiavana sy famonjena avy Aminao.

• Noho ny fahasoavanao, Tompo ô, dia manokana ny tenako aho mba ho voaofana sy hahazo fitaovana mba hizara ny filazantsara amin'ny fomba izay fidinao ho ahy.

• Ataovy batisa amin'ny Fanahinao Masina aho mba ho voatarika hiala avy ao anatiko ka handresy ny sakana sy ny tahotra. Aoka ho tonga fantsona hikorianan'ny herinao sy ny hafa-pamonjen'ilay Kristy voahombo sy nitsangana tamin'ny maty aho.

• Tahio ny ezaka ataon'ny mpitandrina sy ny mpampianatra Baiboly ary ny evanjelisitra manerana izao tontolo izao. Fenoy hery sy fahefana lehibe izy ireo. Aoka hisy zanakao an-tapitrisany ho voavonjy amin'ity taona ity!

• Mitalaho Aminao izahay mba hanehoan'ny ankohonanay ny fitiavanao ao an-tokantranonay sy amin'ny manodidina anay. Mangataka Anao izahay mba hitondra filaminana ao an-tokantranonay, hanasitrana ny fifandraisana rava, hiaro ireo olona marefo amin'ny fanararaotana, ary haneho ny herinao manamasina ao anatin'ny toe-javatra toa tsy misy antenaina.

• Enga anie ny mambran'ny fiangonanay maneran-tany ka hivoky amin'ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Enga anie ka hitady Anao isan'andro amin'ny alalan'ny vavaka manokana koa izahay. Ampahatsiahivo anay mandrakariva fa tsy mahefa na inona na inona izahay raha tsy eo Ianao.

• Mangataka Anao izahay mba hanangana mpitsabo mpanampy sy mpitsabo mba

hanorina fiangonana vaovao eo amin'ireo vondron'olona 1978 any amin'ireo firenena roa amby roapolo ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Andrefana.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona 49 tapitrisa any amin'ireo tanàna 19 mikatona indrindra amin'ny filazantsara ao amin'ny Diviziona Trans-Eorôpeanina.

• Tompo ô, enga anie ny tanoranay ka tsy hitory teny fotsiny fa mba ho toriteny velona koa. Mangataka Anao izahay, Andriamanitra ô, mba hitahy ny ezaka atao amin'ny Andron'ny Tanora Maneran-tany sy ny tetikasa mampandray anjara ny tanora rehetra.

• Mivavaka ho an'ireo olona fito ao amin'ny lisitry ny vavakay izahay. Omeo fo hahalalany Anao araka izay ambaran'ny Teninao ao amin'ny Jer. 24:7 izy ireo.

• Antom-bavaka ho an'ny fiangonana eo an-toerana.

## Soso-kevitra hira

Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## ANDRO 10 — MITOETRA AO AMIN'NY FANAHY MASINA

"*Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay. (…) Tsy hamela anareo ho kamboty Aho; hankatỳ aminareo Aho. (…) Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy; ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminy Izahay ka honina ao aminy*" - Jao. 14:16,18,23.

### Fijoroana ho vavolombelona

"*Rehefa mifoha amin'ny maraina ianao, mahatsapa ny fahalemenao ve, ny filanao ny herin'Andriamanitra? ary amim-panetren-tena, amin'ny fo milaza ny ilainao amin'ny Rainao Izay any an-danitra? Raha izany dia hanoratra ny vavaka ataonao ny anjely, ary raha vavaka natao tamin'ny molotra tsy mandainga ireny, raha mitady hanao diso tsy nahy ianao, hitarika ny hafa hanao ratsy amin'ny hery miasa mangina ao aminao, dia ho eo anilanao ny anjely mpiambina anao, hanoro anao lalana tsara kokoa, hifidy ny teny holazainao, ary hitarika izay hataonao*" – Hafatra ho an'ny Tanora, t. 47.

Indray Sabata izay, nijoro teo amin'ny fanasam-dovia tao ao amin'ny efitrano fiarahanay mikorana aho, nanasa lovia taorian'ny fiarahanay misakafo. Nisy tanora iray mpianatra vahiny avy any Rosia namafa ny lovia. Fantatro fa tsy Kristianina izy, ka nivavaka tamim-pahanginana ny amin'ny fomba hanararaotana io fotoana niarahanay nanasa lovia io aho. "Mba manana fanontaniana ho anao aho, raha tsy mampaninona anao", hoy aho. "Tsy maninona, inona ny fanontanianao?" hoy izy namaly. "Nahoana no olona maro no tsy kristianina any any Rosia?" hoy aho nanontany. "Mety hanontany ahy koa ianao hoe nahoana aho no tsy Kristianina", hoy izy tamin-tsiky. "Eny àry, nahoana ianao no tsy Kristianina", hoy aho tamin'ny fomba sariaka tahaka izany koa. "Tsy manana porofo ny amin'ny fisian'Andriamanitra fotsiny aho", hoy izy tamin'ny fomba tsotra.

Rehefa izay dia nanontany izy: "Nahoana ianao no Kristianina?" "Satria manana porofo maro aho!" hoy aho namaly azy. Nihomehy izy ary niteny hoe: "Eny àry, inona àry izany ny porofonao?" Koa notantaraiko taminy ny fijoroako ho vavolombelona momba izay nataon'Andriamanitra ho ahy.

"Manana fanandramana iray aho, raha vonona ny hanandrana izany ianao", hoy aho. "Mino aho fa hahita porofo ny amin'ny fisian'Andriamanitra ianao raha manao io fanandramana io. Tiako hanokana fotoana ianao mandritra ny telopolo andro manaraka mba hamaky izay voasoratra ao amin'ny bokin'i Jaona. Raha vitanao

mialohany hahataperan'ny telopolo andro izany, dia avereno fotsiny manomboka amin'ny voalohany. Tiako hivavaka amin'Andriamanitra koa ianao amin'ny fotoana tsy misy olona mahafantatra izany. Resaho Aminy ireo zavatra izay ianao irery ihany no mahafantatra azy, ary mangataha Aminy zavatra izay ianao irery ihany koa no mahafantatra fa mangataka izany ianao. Jereo ny zavatra mitranga rehefa avy eo". "Eny àry", hoy izy, "toa mora ihany no fahitako izany. Ho fanandramana hahaliana izany".

Amin'ny maha-mpianatra vahiny azy, dia tsy maintsy nandeha tany amin'izay rehetra nalehan'ny ankohonana nampiantrano azy izy mba hanandramany ny kolontsaina eo an-toerana. Noho izany, nankany am-piangonana izy isan-kerinandro satria izany no nataon'ilay fianakaviana nampiantrano azy. Roa herinandro taorian'ny nanombohany ny fanandramana, dia niverina tany aminy tao am-piangonana aho ka nanontany hoe: "Manao ahoana ny fizotran'ilay fanandramana?" Matotra kanefa koa nahafatifaty izy raha niteny hoe: "Tsy azoko mihitsy ny zavatra mitranga. Mbola manana roa herinandro aho, saingy efa tsy azoko antoka intsony sahady raha mbola afaka miteny aho hoe tsy misy Andriamanitra". "Tsara izany", hoy aho. "Tohizo hatrany. Azoko antoka fa hahita porofo misimisy kokoa ny amin'ny fisian'Andriamanitra ianao raha toa ka mihazona saina misokatra". Nitsiky izy ary nisaotra ahy raha nandeha nody tamin'io andro io. Nody tany Rosia izy nialoha ny fahataperan'ilay telopolo andro, saingy fantatro fa nifankafantatra tsara kokoa izy sy Andriamanitra!

**Ahoana no itoerantsika eo amin'ny fanatrehan'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina?**

1. Manokana fotoana ho amin'ny fianarana ny Baiboly amin'ny fo sy saina misokatra fotsiny isika. Jesôsy no ilay Teny (Jao. 1:14; 14:6-9), ka nahita ny Ray isika raha toa ka nahita Azy. Ny Fanahy Masina koa no nanindry mandry ny Tenin'Andriamanitra (2 Pet. 1:21). Koa hovana hahazo ny endrik'i Jesôsy isika rehefa mamaky ny Baiboly sy mino ny fampianarana sy ny teny fikasana ao aminy (2 Kôr. 3:18).

2. Manaraka izany, manakaiky antsika ny Fanahy Masina rehefa mivavaka amin'Andriamanitra isika, ka manokatra ny fontsika Aminy toy ny amin'ny sakaiza. Ampileferina koa ny fontsika, ary hahazo hery hiatrehana ny fihaikana eo anoloana ny fanahintsika. Rava ny herin'i Satana amintsika rehefa mivavaka isika, ary ho afaka handresy ny fakam-panahiny amin'ny herin'Andriamanitra.

3. Farany, ampanatonina akaiky kokoa ny fon'Andriamanitra isika, ary mahatsapa fiadanana ny ao anatintsika rehefa mankatò ny Baiboly sy mizara izany amin'ny hafa isika (Mat. 11:28-30).

## Andinin-tSoratra Masina hoentina amim-bavaka

• 2 Pet. 1:21 — Ny Fanahy Masina no nanindry mandry ny Baiboly. Mitoetra eo amin'ny fanatrehany sy ny fanatrehan'i Jesôsy sy ny Ray isika rehefa mamaky sy manaiky izany (Jao. 14:23).

• Lio. 11:11-13 — Mampitombo ny herin'ny Fanahy Masina ao anatintsika sy eo amin'ny manodidina antsika isika rehefa mivavaka sy mangataka ny fanatrehan'Andriamanitra.

• Asa. 2:1-4 — Tian'ny Fanahy Masina hizara izay nampianarin'Andriamanitra antsika sy ny fomba nitahiany antsika isika. Tiany ho voavonjy ny olona rehetra, na aiza na aiza misy azy ireny.

• 1 Tim. 2:1-4 — Mitahy ny tontolo manodidina antsika sy mitondra olona ho amin'ny famonjena ny Fanahy Masina isika rehefa mivavaka.

• Asa. 5:31,32 — Mampitombo ny fanatrehan'ny Fanahy Masina sy ny fitahiany eo amin'ny fiainantsika isika rehefa mankatò izay nasain'Andriamanitra hataontsika.

• Rôm. 8:26 — Maniry ny hanampy antsika ho tonga olon'ny vavaka ny Fanahy Masina. Azo antoka fa hisy fitahiana hanaraka izany (2 Tant. 7:14).

## Soso-kevitra antom-bavaka

• Ray malala any an-danitra ô, amorony hetaheta ny Teninao ao anatiko ao, mba ho fahafinaretana ho ahy ny manokana fotoana iarahana Aminao. Ampahafantaro ahy tsara ny toetrao sy ny sitraponao ho an'ny fiainako rehefa mamaky ny Baiboly aho.

• Jesôsy ô, meteza haniraka ny Fanahy Masina ho eo amin'ny fiainako ary ataovy ho tonga olon'ny vavaka aho. Ovay ho tonga mpanelanelana mahery vaika aho mba hisy olona maro ho voavonjy sy ho afaka amin'ny fatoram-pahamaizinan'i Satana.

• Enga anie ka hifanaraka mandrakariva amin'ny sitraponao ny saiko sy ny foko. Ataovy mandeha ao anatin'ny fankatoavana tanteraka ny didinao sy ny Teninao rehetra aho.

• "*Raiso aho, Tompo ô, ho Anao manontolo. Ny fikasako rehetra apetrako eo antongotrao. Ampiasao amin'ny fanompoana Anao aho anio. Tomoera amiko, ary aoka ny asako rehetra hatao ao Aminao*" – Ny Tena Hasambarana, t. 84.

• Andriamanitra ô! Entinay eo Aminao ireo mpitondra fiangonana maneran-tany. Omeo fahendrena izy ireo raha eo am-pandraisana fanapahan-kevitra manan-danja sy eo ampitarihana ny vahoakanao.

• Mivavaka ho an'ireo zanakay izahay. Meteza hampahery azy ireo mba hijoro tsara ho Anao rehefa tojo sakana sy fanerena. Ampio izy ireo hanao safidy tsara sy hijoro ho an'ny fahamarinana (Isa. 44:3,4).

• Mivavaka izahay ho an'ireo fianakaviana, izay feno korontana sy alahelo ary savorovoro ny tontolony.

• Andriamanitra ô! Hanenika ny fiangonana amin'ny andro farany anie ny fifohazana ho amin'ny toe-panahy araka Anao tany am-boalohany. Hijoro ho an'ny fahamarinana anie izahay na dia hikoro aza ny lanitra.

• Mivavaka ho an'ireo anarana fito ao amin'ny lisitray izahay. Meteza haneho amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo fa tena tia azy ireo i Jesôsy.

• Antom-bavaka ho an'ny fiangonana eo an-toerana.

### Soso-kevitra hira

Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.

# Mikatsaka ny Fanahin'Andriamanitra

## FANKALAZANA NY SABATA FAHA-18 JANOARY

### Soso-kevitra momba ny endriky ny Sabata famaranana

Ity Sabata farany ity dia tokony ho fotoan-dehibe firavoravoana ny amin'izay efa nataon'Andriamanitra ho anareo sy ny fiangonana nandritra ireo Folo Androm-bavaka. Amboary ny tontolo andronareo mba hankalazana ny fahatsaran'Andriamanitra sy ny heriny lehibe. Saintsaino ny fomba nanandramanareo ny firotsahan'ny Fanahy Masina nandritra ireo folo andro teo aloha. Ity Sabata ity dia tombontsoa hahafahanareo mifaly ny amin'izay efa nataon'Andriamanitra sy ataony amin'izao fotoana izao ary mbola hataony any aoriana.

Samy manana ny zavatra ilainy ny fiangonana tsirairay, koa miaraha miasa amin'ny mpitarika eo an-toerana mba hahazoana mamolavola drafitra manokana ho an'ny fiangonanareo. Indreto misy zavatra azo ampidirina ao amin'ny fanompoam-pivavahana amin'ny Sabata famaranana.

### Soso-kevitra amin'ny filaharan'ny fanompoam-pivavahana

10:30 - Hira famoriana ny olona.

10:45 - Fiarahabana sy filazana ary fanazavana ny fandaharam-potoana.

11:00 - Hira fiderana. Mitsangana ny olona.

11:05 - Vakiteny fiderana.

11:10 - Vavaka ataon'ny mpivory, tarihin'ny mpitandrina na ny loholona. Vavaka fiderana ity, fa tsy fangatahana na fitalahoana. Mandohalika ny olona.

11:15 - Vavaka fiaiken-keloka. Mbola mandohalika ihany ny olona. Manao vavaka mangina ny mpivory. Rehefa izay dia misy vavaka hotarihin'ny mpitarika iray ho fisaorana an'Andriamanitra noho ny fihainoany ny vavaka ataontsika sy ny famelany ny helotsika araka ny 1 Jao. 1:9. Afaka mipetraka ny olona aorian'ny vavaka.

11:20 - Antso ho amin'ny fanatitra sy fanantazana fanatitra, arahin'ny vavaka ho fisaorana an'Andriamanitra noho ny fanolorany izay ilaintsika sy ho fangatahana Azy mba hitahy ny ampahafolony sy ny fanatitra.

11:25 - Hira manokana. Mifidiana hira mifandray amin'ny lohahevitra momba ny vavaka.

11:30 - Mitory hafatra fohy momba ny lanjan'ny vavaka eo amin'ny fiainantsika ny mpitandrina na ny loholona iray.

11:40 - Miantso ny olona mba handroso eny anoloana ny mpitandrina na ny loholona

iray hafa raha toa ka manana antom-bavaka manokana izy ireo. Omeo fotoana ny olona mba hizarana izany raha tiany ny hanao izany. Rehefa izay dia misy olona iray mitarika amin'ny vavaka fitalahoana ho fanehoana ny fangatahan'ny olona rehetra eo anatrehan'Andriamanitra. Afaka miverina eny amin'ny toerany ny olona aorian'izay.

11:55 - Vavaka ho an'ny asa fanompoana na ho an'ny olana manokana. Ohatra: vavaka ho an'ny fiarahamonina, ho an'ny olona mila an'i Jesôsy, ho an'ny sekoly kristianina eo an-toerana sy ny hetsiky ny sampana miadidy ny tanora, ho an'ny federasiona sy ny fiangonana maneran-tany, ho an'ny fanambadiana sy ny ankohonana. Azon'ny olona mifandray mivantana amin'ilay asa fanompoana tarihina ny fizarana tsirairay. Ohatra: afaka mivavaka ho an'ilay sekoly ny mpianatra iray.

12:10 - Hira fanoloran-tena sady famaranana.

12:15 - Tso-drano.

## Soso-kevitra fandaharam-potoana hafa azo isafidianana

- Fijoroana ho vavolombelona momba ny vavaka nivaly
- Fotoam-bavaky ny tarika madinika
- Filazana ireo hetsika momba ny vavaka manaraka
- Tantara momba ny vavaka ho an'ny ankizy
- Fandaharana manokana ataon'ny tanora

Imprimerie Adventiste
BP 1134 Antananarivo 101
Tél: 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99
email: impriad@mea.adventist.mg
Voatolotra ara-dalàna: lah. 342-D/11.19
Ny natonta: 9 760 isa